

NY TANTARAM-PIAINAKO



Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety ho an'ny vavaka.

Rainay any An-danitra mpiahy, amin'ny tombontsoa tokoa no anatonanay Anao, Andriamanitray sy Mpamonjinay. Ny mandre an'izany hira mahafinaritra izany hoe, *Fa Lehibe Ianao*, dia mampientam-po anay izany satria fantatray fa lehibe Ianao. Ary mivavaka izahay mba ho voaseho aminay indray ny Fahalehibeazanao, izao tolakandro izao, raha miresaka izahay. Ary sambany amiko tokoa izao, ho an'ny fotoana voalohany nandritry ny taona maro, ny manandrana miverina mankany amin'ny lasan'ny fiainana, ka mivavaka aho mba Hanomezanao ahy ny hery sy—sy izay ilaiko, Tompo, haha-izy azy ao amin'ity ora ity. Ary enga anie ny fahadisoako rehetra teo amin'ny fiainana ho tohatoha-bato iray fotsiny ihany ho an'ireo hafa, izay hitondra azy ireo akaikikaiky kokoa Anao. Ekeo izany, Tompo. Enga anie ireo mpanota hahita an'ireo dian-tongotra eo amin'ny fasiky ny fotoana, ary enga anie izy ireo ho voatarika eo Aminao. Ireo zavatra ireo dia angatahanay amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Amena.

Afaka mipetraka ianareo.

² [Hoy Rahalahy Glover hoe, “Afaka hivavaka ho an'ireto mosara ireto ve ianao alohan'ny hanombohanao?”—Mpand.] Ho faly aho. [“Misy an'ireto sy ireto hivavahana.”] Eny àry, tompoko, misaotra anao. Arak'ity lehilahy masina ity, Rahalahy Glover, izay efa fantatro nandritry ny taona vitsy ankehitriny, efa nanana tombontsoa niaraka taminy vetivety aho omaly hariva. Ary niteny tamiko izy ny amin'ny... efa nandry nandritry ny fotoana vitsy izy, niala sasatra. Ary ankehitriny, eo amin'ny faha-dimy amby fitopolo taona, dia miverina indray ao amin'ny asan'ny Tompo. Tsy antsasaky ny naha-reraka ahy tahaka ny taloha aho raha nandre an'izany. Nihevitra aho hoe reraka aho, saingy izaho—tsy mino aho fa reraka aho. Vao avy nametraka mosara vitsy ho ahy izy eto, ao amin'ny—ny endrika valopy, sy ny sisa, ao anatin'ny izy ireo ary efa haverina.

³ Ankehitriny, ny sasany aminareo ao amin'ny fihainoana ny radio, na eto, izay maniry ny iray amin'ireto mosara ireto, ka ianareo dia... Ny Angelus Temple dia nandefa azy ireo tsy ankitsahatra, hatrany. Afaka manoratra avy hatrany amin'ny Angelus Temple eto ianareo dia hivavaka eo amin'izany izy ireo, satria hanome toky anareo aho fa izany ny Soratra. Teny fikasan'Andriamanitra iray izany.

⁴ Ary raha sendra ka tianareo ny hivavahako eo amin'ny anankiray ho anareo, nahoana, dia ho faly aho ny hanao an'izany.

Manoràta fotsiny amiko ianareo ao amin'ny boaty postaly 3-2-5, 325, Jeffersonville, tononina J-e-f-f-e-r-s-o-n-v-i, 1 roa, e. Jeffersonville, Indiana. Na raha tsy afaka mahatsiaro an'ilay boaty postaly ianareo, dia soraty fotsiny hoe "Jeffersonville." Tanàna kely iray izy, mponina eo amin'ny dimy arivo sy telo alina eo. Mahafantatra ahy ny olona rehetra any. Ary noho izany dia ho faly izahay ny hivavaka eo amin'ny mosara iray ka handefa azy ho anareo.

⁵ Ary, ankehitriny, efa nanana fahombiazana lehibe izahay teo am-panaovana an'izany, satria... Hanana azy amin'ny endrika taratasy kely iray ianareo miaraka aminy, hoe ny olona manerana an'izao tontolo izao dia mivavaka isa-maraina amin'ny sivy ora, sy amin'ny roa ambin'ny folo ora ary amin'ny telo ora. Ary azonareo eritreretina hoe, any amin'ny tany ilany, dia amin'ny firy alina no tsy maintsy hifohazan'izy ireo hanao an'izany vavaka izany. Noho izany raha ireo an'aliny rehetra ireo, sy an'arivony, no mandefa vavaka ho any amin'Andriamanitra amin'ny fotoana iray mihitsy ho an'izao asam-panompoana izao, ny aretinareo, dia tsy afaka handà an'izany mihitsy Andriamanitra. Ary noho izany ankehitriny izahay, araka ny lazaiko, tsy manana fandaharam-potoana mihitsy izahay, tsy mila vola iraimbilanja iray izahay. Izahay fotsiny dia... Raha afaka manampy anareo izahay, dia izany no maha-eto anay. Ary ndao isika... .

Misy olona iray mitondra andiana mosara hafa iray.

⁶ Ankehitriny, raha tsy manana mosara iray izay tianareo halefa ianareo, eny, amin'izay fotoana izay dia manorata fotsiny, na ahoana na ahoana. Raha tsy mila an'izany ianareo izao ankehitriny izao, dia tehirizo ao anatin'ny Bokin'ny Asa ilay izy, ao amin'ny Baiboly, ny toko faha-19. Ary ho amin'ny endrika ribà fotsy kely iray no handefasana azy aminareo, sy ireo torohevitra amin'ny hoe ahoana no hiaikena ny fahotanareo aloha. Ary (misaotra anao) ahoana no hiaikena ny fahotanareo. Tsy tokony hanandrana hahazo zavatra avy amin'Andriamanitra mihitsy ianareo raha tsy efa mahitsy amin'Andriamanitra aloha. Hitanareo? Ary noho izany dia toroina hevitra ianareo eo amin'izany mba hiantso an'ireo mpiara-monina aminareo ho avy, sy ny pasiteranareo. Raha manana zavatra ianareo izay manohitra olona iray ao am-ponareo, dia mandehana ahitsiho aloha izany, dia miverena. Ary avy eo dia mivavaha, manaova fivoriam-bavaka iray ao an-tranonareo, ary apaingory amin'ny atin'akanjonareo io mosara io, avy eo dia minoa an'Andriamanitra. Ary amin'izany ora telo izany mihitsy, isan'andro, dia hisy olona hivavaka manerana an'izao tontolo izao, rojo iray manerana an'izao tontolo izao.

⁷ Ary ankehitriny dia anareo izany, maimaim-poana tanteraka, alefaso fotsiny. Ary—ary, ankehitriny, tsy hanoratra hamaly anareo izahay hanery anareo na hiteny aminareo ny

amin'ny fandaharam-potoana iray izay anananay. Tianay ianareo hanohana ny fandaharam-potoana, saingy izahay tsy—tsy manana anankiray ho tohananareo. Hitanareo? Noho izany ianareo . . . Ilay izy tsy hoe mba hahazoana ny adiresinareo, ilay izy dia fikarakarana fotsiny ihany ary asam-panompoana iray avy amin'ny an'ny Tompo, izay ezahanay tanterahina.

⁸ Ndao isika ankehitriny hanondrika ny lohantsika. Ary raha ao amin'ny fihainoana radio ianareo, ka manana ny mosaranareo mipetraka any, dia apetraho eo ambonin'izany fotsiny ny tanaanareo manokana raha mivavaka isika.

⁹ Tompo mpiahy, mitondra eo Aminao an'ireto fonosana kely ireto izahay, ny sasany amin'izy ireo angamba dia toy ny lobaka kely an-jazakely, na—na fanao anatin'ny kely iray, na angamba kirarokelin-jaza, na—na tahaka an'izany, mosara iray, izay handeha ho any amin'ilay marary sy ilay ory. Tompo, izany dia araka Ny Teninao no anaovanay an'izany. Satria mamaky izahay, ao amin'ny Bokin'ny Asa, hoe nalain'izy ireo avy teo amin'ny vatan'ny Mpanomponao, Paoly, ireo mosara sy aron'akanjo, satria nino izy ireo fa Ny Fanahinao no teo amin'ilay lehilahy. Ka nivoaka tamin'ny olona ireo fanahy maloto, ary niala tamin'izy ireo ny fahoriana sy aretina, satria nino izy ireo. Ary ankehitriny dia mahalala izahay, Tompo, fa tsy Masindahy Paoly izahay, saingy fantatray fa mbola mijanona ho Jesosy Ianao. Ary mivavaka izahay mba Hanajanao ny finoan'ireto olona ireto.

¹⁰ Ary araka ny voalaza indray mandeha hoe rehefa Isiraely, teo am-piezahana hankatò an'Andriamanitra, dia tratra tao anatin'ny fandrika iray, ny ranomasina no teo anoloan'izy ireo, ireo tendrombohitra teo amin'ny ilany avy, ary ny tafik'i Farao nanatona. Dia hoy ny anankiray, hoe “Niondrika tamin'ny alàlan'ilay Andry Afo Andriamanitra, niaraka tamin'ny maso tezitra, dia natahotra ilay ranomasina ka nampihorona ny tenany, ary nanao làlana iray hiampitan'ny Isiraely mankany amin'ilay tany nampanantenaina.”

¹¹ O Tompo, miondreha indray, raha hapetraka eo amin'ireo vatana marary ireto fonosana ireto ho fahatsiarovana Ny Teninao velona. Ary enga anie hatahotra ny aretina, mijere amin'ny alàlan'ny Ràn'Ny Zanakao, Jesosy, Izay maty ho an'izao fanaovam-panavotana izao. Ary enga anie hatahotra ilay fahavalo ka hitsoka, mba hahatonga an'ireto olona ireto hiditra ao amin'ilay teny fikasana, hoe “Ambonin'ny zavatra rehetra,” izany no Fanirianao “dia hahomby amin'ny fahasalamana izahay.” Ekeo izany, Ray, fa mandefa azy izahay miaraka amin'izany—izany toetra izany ao am-ponay. Ary izany no tanjonay. Mandefa azy amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izahay. Amena.

Misaotra anao, Rahalahy Glover. Misaotra anao, tompoko.

¹² Ankehitriny, rahariva no famaranana an'ity ampaham-pifohazana ity, tsy fantatro na ho ampitaina amin'ny onjam-peo izao na tsia, saingy tiako ny hilaza (raha tsy izany) amin'ireo mpihaino radio, fa izao no anankiray amin'ireo fivoriana tsara indrindra izay nananako nandritry ny taona maro, maro. Izany no fivoriana matanjaka, madio, feno fitiavana indrindra, nisy fiaraha-miasa izay nisy ahy nandritry ny ela be.

¹³ [Hoy ny rahalahy iray hoe, “Eo amin'ny onjam-peo isika hatramin'ny efatra sy fahefany, rahalahy. Ary mihaino anao izy ireo, manerana ny California atsimo rehetra, hatrany amin'ireo nosy, sy eny ambonin'ny sambo. Mahazo hafatra avy amin'izy ireo izahay. Ary noho izany dia manana mpihaino goavana iray ianao, an'arivony sy an'aliny.”—Mpand.] Misaotra anao, tompoko. Tena tsara izany. Faly aho mandre an'izany. Andriamanitra hitahy anareo rehetra.

¹⁴ Ary efa nanana toerana mafana iray foana tokoa aho tato am-poko ho an'ny Angelus Temple, nohon'ny toerany ho an'ny Filazantsara fenon'i Jesosy Kristy. Ary, ankehitriny, izany—izany dia toy ny hoe mikasika ahy manokana hatrany ankehitriny. Ilay izy dia toy ny hoe, taorian'ny nihaonana tamin'ny tsirairay avy ka nahita ny fanahy tsaran'izy ireo, dia tsapako fa toy ny hoe lasa iray aminareo mihoatra nohon'ny naha-izy ahy taloha aho. Andriamanitra hitahy anareo, izany no fivavako. Ary. . . [Mitehaka ny mpanatrika—Mpand.] Misaotra anareo, am-pitiavana.

¹⁵ Ankehitriny, efa nambara fa androany dia hiresaka kely aminareo vetivety aho eo amin'ny: *Ny Tantaram-Piainako*. Izany dia—dia zavatra sarotra iray ho ahy. Iza no ho fotoana voalohany hiezahako hanatona an'izany nandritry ny taona maro. Ary tsy hanana fotoana hidirana amin'ny antspiriany aho, fa ny ampahan'izany fotsiny. Ary, tao amin'izany, dia nanao fahadisoana maro aho, nanao zavatra maro izay diso. Ka haniry aho, hoe ianareo izay mihaino ao amin'ny radio sy ianareo izay manatrika, mba tsy handraisanareo an'ireo fahadisoako ho vato manafintohina, fa ho tohatoha-bato hitondra anareo akaikikaiky kokoa an'ny Tompo Jesosy.

¹⁶ Noho izany, rahariva, dia tokony ho zaraina ireo karatra fangataham-bavaka ho an'ny asam-panasitranana izao hariva izao. Ankehitriny, rehefa miresaka izahay ny amin'ny hoe *asam-panasitranana*, dia tsy midika izany fa hoe hanasitrana olona iray izahay, izahay dia “hivavaka ho an'ny olona iray.” Andriamanitra no manao ny fanasitranana. Efa tena tsara fanahy tamiko fotsiny Izy, mba hamaly vavaka.

¹⁷ Ary niresaka tamin'ny mpikarakara evanjelista malaza iray aho, teto vao tsy ela akory izay, ary—ary nanontaniana izy hoe nahoana io evanjelista io no tsy nivavaka ho an'ny marary. Ary ilay evanjelista dia namaly ny—ny mpikarakara

ny fivoriako, nanao hoe, “Raha . . .” Mino ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra io evanjelista io. Saingy raha nanomboka nivavaka ho an’ny marary izy, dia ho nampijanona ny asany izany satria notohanana’ireo fiangonana izy. Fiangonana maro, ary maro amin’izy ireny, no tsy mino ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra.

¹⁸ Noho izany dia manome voninahitra sy haja ho an’ily evanjelista aho satria mihazona ny toerany izy, ny toeran’andraikiny. Afaka angamba izy . . . Tsy afaka haka ny toerany mihitsy aho, ary misalasala aho raha ho afaka haka ny toerako izy. Isika rehetra dia manana toerana iray ao amin’ny Fanjakan’Andriamanitra. Mikambana isika rehetra. Fanomezam-pahasoavana samihafa, saingy ilay Fanahy iray ihany. Fanehoana samihafa, no tiako ho lazaina, saingy ilay Fanahy iray ihany.

¹⁹ Ary, ankehitriny, ireo fotoana rahariva dia hanomboka . . . Heveriko fa nilaza izy ireo hoe manomboka amin’ny enina sy sasany ilay rindran-kira. Ary, ankehitriny, raha ao amin’ny fihainoana radio ianareo, dia tongava mihaino an’izany. Izany dia . . . Ho mahafinaritra izany, izany foana ilay izy.

²⁰ Ary avy eo dia maniry aho ny hilaza fa ireo karatra fangataham-bavaka dia ho zaraina avy hatrany aorian’ity fotoana ity, vantany vao mirava mihitsy ity fotoana ity, raha eto ianareo ka mila karatra fangataham-bavaka iray. Nampahafantarina aho tao fotoana vitsy lasa fotsiny izay, ny zanakolahy na Atoa. Mercier na Atoa. Goad, fa hizara karatra fangataham-bavaka izy ireo. Mijanona fotsiny eo amin’ny sezanareo. Vantany vao mirava ny fotoana, dia mijanona fotsiny eo amin’ny sezanareo mba ahafahan’ireo zazalahy hidina eo amin’ily laharana ka hizara an’ireo karatra fangataham-bavaka haingana mihitsy arak’izay azo atao. Izany dia ho eny amin’ny lavarangana na eny amin’ny rihana, na aiza na aiza, ny rihana ambany na aiza na aiza misy anareo, mijanona fotsiny eo amin’ny sezanareo dia ho fantatr’ireo zazalahy fa eto ianareo ho an’ny karatra fangataham-bavaka iray. Ary amin’izay fotoana izay dia hivavaka ho an’ny marary isika rahariva. Ary raha tsy manova ny eritreritro ny Tompo, dia tiako ny hitory rahariva eo amin’ny lohateny hoe, *Raha Hasehonao Anay Ny Ray, Dia Hahafa-po Anay Izany.*

²¹ Ankehitriny dia maniry aho ny hamaky lahateny iray izao hariva izao, mba hanombohana fotsiny an’ily *Tantaram-Piainana*, hita ao amin’ny Bokin’ny Hebreo, ny toko faha-13, ary ndao isika hanomboka eto eo amin’ny . . . hilaza aho hoe eo amin’ny andininy faha-12.

Ary amin’izany Jesosy koa, mba hanamasinany ny olona amin’ny ràny manokana, dia niaritra teny ivelan’ny vavahady.

Aoka isika hivoaka... arak'izany hankeo aminy eo ivelan'ny toby, mitondra ny latsany.

Fa eto isika dia tsy manana tanàna maharitra, fa mitady anankiray ho avy isika.

22 Ankehitriny dia karazana lahateny iray izany. Satria, hitanareo, raha tantaram-piainana iray ilay izy, na zavatra anankiray momba ny olombelona iray, dia tsy midera an'izany isika, ary indrindra ny—ny lasan'ny olona iray, raha tena maizina tahaka ny ahy ilay izy. Fa nieritreritra aho hoe, raha mamaky ny Soratra isika, dia Andriamanitra no hitahy ny Soratra. Ary ny eritreritro dia:

Fa eto isika dia tsy manana tanàna maharitra, fa mitady anankiray ho avy isika.

23 Ankehitriny, fantatro fa tena tia an'i Los Angeles ianareo. Manana zò ho tia ianareo. Izy dia tanàna iray malaza, tsara tarehy. Miaraka amin'ny zavony sy inona koa, kanefa dia tanàna iray tsara tarehy izy, toetr'andro mahafinaritra. Saingy tsy afaka haharitra ity tanàna ity, tsy maintsy manana fiafarana iray izy.

24 Nijoro tany Roma aho (nisy an'ireo emperora malaza) sy ireo tanàna izay noheverin'izy ireo fa naoriny mba ho tsy mety maty, ka mangady roapolo dian-tongotra lalina mba ahitana mihitsy aza an'ireo sisan-tranony simba.

25 Nijoro teo amin'izay nananan'ireo Farao an'ireo fanjakany malaza aho, ary tsy maintsy mangady lalina ao amin'ny tany ianareo mba ahitana hoe taiza no nanapaka ireo Farao malaza.

26 Isika rehetra dia tia mieritreritra mikasika ny tanànantsika sy ny toerantsika. Saingy, tsarovy, tsy afaka haharitra izany.

27 Fony aho mbola zazalahy kely iray dia nandeha teo amin'ny hazo amontana lehibe iray aho taloha. Any amin'ny fireneko dia manana hazo mafy betsaka izahay. Ary tamin'izany dia nanana an'ireo hazo amontana ireo izahay, ny amontana misy siramamy, sy ilay antsoinay hoe ny “amontana mafy” ary “amontana malemy.” Io hazo mankadiry be io, izany no hazo tsara tarehy indrindra. Ary rehefa tonga avy any an-tsaha aho, niasa tamin'ireo mololo sy—sy ireo vokatra, dia tiako ny nandeha teo amin'io hazo goavana io ary—ary mipetraka eo ambaniny ka—ka miandranda. Ary afaka nahita an'ireo rantsany lehibe, matanjaka aho mitopatopa ao amin'ny rivotra, vatan-kazo goavana be. Dia hoy aho hoe, “Fantatrao, mino aho fa ity hazo ity dia ho eto mandritry ny an-jato sy an-jato taonany.” Vao tsy ela akory izay no nijereko an'ilay hazo antitra, vodi-hazo iray fotsiny izy.

28 “Fa eto isika dia tsy manana tanàna maharitra.” Tsia, tsy misy na inona na inona eto ambonin'ny tany izay azonareo jerena ka haharitra. Tsy maintsy manana fiafarana iray izany. Ny zavatra rehetra izay mety maty dia tsy maintsy misolo mankany

amin'ny tsy mety maty iray. Noho izany dia tsy mampaninona na tsara toy ny ahoana aza no anorenantsika ny lala-malalaka antsika, na tsara toy ny ahoana aza no anamboarantsika ny fanorenantsika, dia tsy maintsy mandeha izany, satria tsy misy na inona na inona afaka haharitra eto. Ilay Tsi-hita ihany no maharitra.

²⁹ Tsaroako ny trano izay nipetrahanay, trano vatan-kazo voakapa tranainy iray notsentsenana fotaka izany. Izaho... Maro angamba no tsy mbola nahita trano iray notsentsenana fotaka mihitsy. Fa notsentsenana fotaka manontolo ilay izy, ary ireo vatan-kazo voakapa goavana izay tao anatin'ilay trano tranainy, dia nihevitra aho fa haharitra mandritry ny an-jato taonany io trano io. Saingy, fantatrareo, androany eo amin'izay nijoroan'io trano io dia tetik'asa fanaovan-trano iray. Tena hafa tanteraka ilay izy. Miova ny zavatra rehetra. Saingy...

³⁰ Ary nahita ny raiko aho taloha, izy raha ny marina dia lehilahy fohy iray, vaventy, tena matanjaka, ary izy no iray tamin'ireo lehilahy kely matanjaka indrindra izay fantatro. Nihaona tamin'Atoa. Coots aho, lehilahy iray izay niarahany niasa taloha teo amin'ireo vatan-kazo voakapa, mpikapa hazo izy, ary teo amin'ny herintaona lasa teo izay, fa Atoa. Coots dia tena sakaizako tsara tokoa, ary diakona iray ao amin'ny fiangonana Batista Voalohany, ary hoy izy hoe, "Billy, tokony ho tena lehilahy iray matanjaka ianao."

Dia hoy aho hoe, "Tsia, tsy matanjaka aho, Atoa. Coots."

³¹ Hoy izy hoe, "Raha nanahaka an'i dadanao ianao, dia ho natanjaka." Hoy izy, "Nahita an'io lehilahy io aho, nilanja efapolo amby zato livatra, nampiditra vatan-kazo voakapa iray tao amin'ny vagao izy irery, izay nilanja sivinjato livatra." Fantany fotsiny hoe ahoana no anaovana azy. Natanjaka izy. Hitako izy tonga tao amin'ny toerana iray nisasa ary nivonona ho an'ny sakafo hariva, rehefa niantso azy i Neny.

³² Ary nanana hazo paoma iray izahay teo amin'ny tokontany anoloana, ary nisy hazo kely telo na efatra lavidavitra tany aoriana. Ary teo amin'ilay hazo afovoany mihitsy dia nisy fitaratra fijerena tranainy iray, efa vaky, fitaratra, lehibe iray. Ary nipetaka teo amin'ny ilan'ilay hazo niaraka tamin'ny fantsika vitsivitsy nafaingoka. Mitovy kely amin'ny antsoin'ny sasany aminareo mpandrafitra izay mihaino eto hoe "fanantonana palitao." Nafaingoka ilay izy mba hihazona an'ilay fitaratra eo amin'ny toerany. Ary nisy fihogo vy fotsy tranainy iray teo. Firay no mba efa nahita vy fotsy tranainy iray... ilay fihogo vy fotsy tamin'ny fanao fahiny? Afaka mahita an'ilay izy fotsiny aho.

³³ Ary avy eo dia nisy dabilio fisasana kely iray teo, hazo fisaka kely iray fotsiny niaraka tamin'ny tongony kely iray mitongilana ao ambaniny, naraikitra tamin'ilay hazo. Paompin-

drano kely iray, tranainy, ny antsasany misy solifara no teo izay nipaompinay rano, sy nisananay teo amin'io hazo tranainy io. Ary nalain'i Mama taloha ireo gonim-bary ka nanamboarany lamba famaohana. Misy olona efa mba nampiasa gonim-bary ho lamba famaohana ve? Eny, azoko antoka fa mahatsapa ho toy ny any an-trano aho ankehitriny. Ary ireo lamba famaohana goavana, henjana tranainy ireo! Koa rehefa mampandro anay ankizy kely izy, izy dia . . . toy ny hoe manendaka ny hoditra izy isaky ny mikosoka. Ary tsaroako io gonim-bary tranainy io. Ary misintona ny sasany amin'ireo kofehy izy, manamboatra vona kely, mba hanaingo kely an'ilay izy.

³⁴ Firy no efa mba natory teo ambonin'ny kidoro mololo iray? Eny, izaho dia—hilaza! Firy no efa mba nahafantatra hoe inona ny ondana vita amin'ny akofa? Eny, Rahalahy Glover, ao an-trano aho ankehitriny, tena azo antoka! Kidoro mololo, eny, tsy dia ela loatra akory izay no nialako mihitsy tamin'ny anankiray, ary izany dia . . . Oh, izany—torimaso tsara izany, mangatsiatsiaka. Avy eo amin'ny andro ririnina dia alain'izy ireo ny firakotra matevina tranainy iray ka apetrany eo ambonin'izany, fantatrareo, ary avy eo dia tsy maintsy mametraka tapa-damba fanaovan-tsary iray eo amboninay satria ny oram-panala dia mitsoka eo amin'ireo—ireo—ireo triatra ao amin'ilay trano, fantatrareo, rehefa miainga ireo tafotrano vakivakin-kazo, fantatrareo, ka mitsofoka ao amin'izany ny oram-panala. Ary, oh, afaka mahatsiaro an'izany tsara mihitsy aho.

³⁵ Ary avy eo dia nanana borosy fiharatana iray i Papa fahiny. Izaho . . . Hanaitra anareo ity ankehitriny. Izany dia vita tamin'ny fonon-katsaka, borosy fiharatana iray tamin'ny fonon-katsaka. Nalainy ny savony tranainy fanasan'i neny izay namboariny, namboariny tsara ilay izy dia napetany teo amin'ny tarehiny niaraka tamin'io borosy fonon-katsaka io, dia nanaratra an'izany niaraka tamin'ny harena goavana, tranainy misy tahony iray. Ary ny Alahady dia alainy ireo—ireo tapa-taratasy, apetany manodidina ny vozon'akanjony, nanao an'ireny vozon'akanjo plastika ireny izy ireo ka nametraka an'izany nanodidina an'ilay vozon'akanjo tahaka an'izao mba hisakanana an'ilay—ilay—ilay raotra tsy hilatsaka eo amin'ny vozon'ny lobany. Efa mba nahita an'izany natao ve ianareo? Nahoana, oadray, oadray!

³⁶ Tsaroako ny loharano kely iray teny ambany, izay nandehananay naka rano ho sotroina fahiny, sy naka ny ranonay tamin'ny alàlan'ny voatavomonta lalina tranainy iray. Firy no efa mba nahita voatavomonta lalina iray? Eny, firy aminareo no avy any Kentucky, na ahoana na ahoana? Hia, eny, jereo fotsiny eto ireo Kentuckians. Eny, oadray, izaho dia—izaho dia tena ao amin'ny . . . Nihevitra aho fa Okies sy Arkies daholo no eto, saingy toy ny hoe i Kentucky no miditra. Eny, nahita solika

izy ireo tany Kentucky volana vitsy lasa izay, fantatrareo, noho izany angamba no hahatongavan'ny sasany amin'izy ireo eto.

³⁷ Ary avy eo dia tsaroako rehefa tonga i Dada fahiny ka nanao ny fiasany ho an'ny sakafo hariiva, nahorony ny tanaan'akanjony, sy ireo sandry kely fohy mahery. Ary rehefa nanainga ny sandriny hisasa izy, nanipy ny rano teo amin'ny tarehiny, dia nibontsina fotsiny teo amin'ireo sandry keliny ireo hozatra. Dia hoy aho hoe, "Fantatrao, ho velona hatrany amin'ny dimampolo amby zato taona ny dadako." Tena natanjaka izy! Saingy maty teo amin'ny faha-roa amby dimampolo taona izy. Hitanareo? "Eto isika dia tsy manana tanàna maharitra." Marina izany. Tsy afaka maharitra isika.

³⁸ Ndao isika ankehitriny hanao dia kely iray, isika rehetra. Eo ny tsirairay avy aminareo eto izay manana tantaram-piainana iray, tahaka ahy mihitsy, ka tsara ny mivezivezy eo amin'ny lalan-kelin'ny fahatsiarovana matetitetika. Tsy mihevitra tahaka an'izany ve ianareo? Miverina fotsiny, ary ndao isika rehetra hiverina any aoriana vetivety, hiverina mankany amin'ireo fahatsapana mitovitovy raha mbola ankizy kely.

³⁹ Ary ankehitriny ny ampahany voalohany amin'ilay tantaram-piainana. Hanao fikasihana kely iray an'izany fotsiny aho, satria ao anatin'ny boky izany ary maro aminareo no manana an'ilay boky.

⁴⁰ Teraka tao amin'ny trano bongo kely iray an-tendrombohitra aho, tany ambonin'ireo tendrombohitra'i Kentucky. Nanana efitra anankiray izy ireo izay nipetrahanay, tsy nisy karipetra teo amin'ny gorodona, tsy nisy hazo akory aza teo amin'ny godorona, gorodona babangoana iray fotsiny ihany ilay izy. Ary foto-kazo iray, tendron'ny foto-kazo tapaka iray miaraka amin'ny tongotra telo eo aminy, izany no latabatrany. Ary nitangorona nanodidina teo ireo Branhams kely rehetra ireo, sy tany ivelany teo anoloan'ilay trano bongo kely tranainy, ka nitsikasikasina, toy ny hoe nisy andiana opossums nitsikasikasina teo amin'ny vovoka teo, fantatrareo, ireo rahalahy kely rehetra. Nisy sivy izahay, ary zazavavy anankiray, ka tena nanana fotoana sarotra tokoa izy teo anivon'io andiana zazalahy io. Mbola manaja azy foana anefa izahay androany noho ireo zavatra izay nataonay tamin'izany andro izany. Tsy afaka niaraka taminay izy na taiza na taiza, noroahinay izy, zazavavy iray izy. Noho izany dia tsy nahatanty an'izany izy, fantatrareo. Noho izany izahay dia . . . Ary ny rehetra . . .

⁴¹ Tsaroako fa tao ambadiky ny latabatra dia seza roa fotsiny no nanananay, ary vita tamin'ny hodi-kazo izy ireo. Zana-kazo hickory tranainy natambatambatra fotsiny, ary ny fanambaniny dia nofatopatorana hodi-kazo hickory. Misy olona efa mba nahita seza hodi-kazo hickory iray ve? Hia. Ary mbola afaka mandre an'i Mama foana aho. Oh, taty aoriana rehefa tonga teo

amin'ny toerana iray izay nahafahany nahazo gorodona hazo izahay, niaraka tamin'ireo zazakely teo amin'ny lohaliny tahaka an'izao, ka nanilangilana an'io seza tranainy io midondona fotsiny, midondona, midona amin'ilay gorodona. Ary tsaroako ny fiambenana an'ireo ankizy kely tsy hivoaka ny varavarana, rehefa nanasa lamba izy na zavatra iray, dia nametraka seza iray izy ary nahodiny mitsivalana kely teo amin'ny varavarana izany, hiambenana an'ireo ankizy kely tsy hivoaka rehefa tsy maintsy handeha ho eny amin'ny loharano haka rano izy, sy ny sisa.

⁴² Ary dimy ambin'ny folo taona i Neny rehefa teraka aho, i Dada dia valo ambin'ny folo taona. Ary izaho no voalohany amin'ireo ankizy sivy. Ary niteny tamiko izy ireo fa tamin'ny maraina nahaterahako . . .

⁴³ Ankehitriny, tena nahantra izahay, ny mahantra indrindra amin'ny mahantra mihitsy. Ary tsy nanana varavankely iray akory aza izahay tao amin'io trano bongo kely io. Nanana tahaka ny varavaran-kazo kely iray izy izay vohainareo. Misalasala aho raha efa mba nahita zavatra tahaka an'izany ianareo. Varavaran-kazo kely iray izay nisokatra raha tokony ho varavankely iray, hazoninareo hivoha ilay izy amin'ny atoandro ary akatonareo izy amin'ny alina. Tsy afaka namelona jiro elektrika izahay na nandrehitra solitany akory aza tamin'izany andro izany, izahay dia nanana an'ilay antsoinareo hoe “fanilo jabora.” Ankehitriny, tsy fantatro raha mba fantatrareo hoe inona ny fanilo jabora iray. Eny, inona no ataonareo . . . Ary ianareo ve efa mba nividy . . . nandrehitra vonan-kesika iray? Fa alaivo fotsiny ny vonan-kesika iray dia areheto izy ka apetraho eo ambonin'ny sarom-bilany iray, hirehitra izany. Ary izany dia . . . nisinton-tsetroka kely, saingy tsy nanana fitaovana izy ireo, na ahoana na ahoana, mba hisintonana setroka. Noho izany ilay izy fotsiny . . . ilay trano bongo no nanao ny fisintonan-tsetroka. Ary nisintona tsara ilay izy satria betsaka ny tafo tao ambony tao hisintona azy. Noho izany ilay izy . . .

⁴⁴ Ary izaho dia teraka ny Aprily ny—ny faha-6, 1909. Mazava ho azy, fantatrareo, izany no manao ahy ho mihoatra kelin'ny dimy amby roapolo taona ankehitriny. Ary noho izany, ny maraina izay nahaterahako, dia nilaza i Neny fa nosokafan'izy ireo ilay varavankely. Ankehitriny, tsy nanana dokotera izahay, mpampivelona iray no nisy. Izao fotsiny . . . Ary ny renibeko io mpampivelona io. Ary noho izany rehefa teraka aho sy ny fanombohako voalohany nihiakiaka, dia—dia te-hijery ny zanany i Neny. Ary—ary tsy nisy afa-tsy ankizy iray fotsiny ihany ny tenany. Ary rehefa nosokafan'izy ireo ilay varavankely kely, teo amin'ny fiposahan'ny andro mihitsy, teo amin'ny dimy ora teo. Ary ny . . . Nisy menatratra antitra iray nipetraka teo ankilan'ny kirihitra kely iray. Araky ny efa nahitanareo rehetra ny sarin'izany ao—ao anatin'ny bokiko ny amin'ny tantaram-

piainako. Nipetraka teo ny menatratra antitra iray nihira fotsiny tamin'izay rehetra tao aminy.

⁴⁵ Efa tiako foana ireo menatratra. Ankehitriny, ianareo zazalahy ao amin'ny fihainoana radio, aza mitifitra an'ireo voroko ireo ianareo. Hitanareo, izy ireo dia—izy ireo dia—izy ireo. . . Voroko izy ireny. Efa mba nandre ny angano momba ny menatratra ve ianareo, hoe ahoana no nahatonga ny tratrany ho mena? Hijanona eto vetivety aho. Ahoana no nahatonga ny tratrany ho mena. . . Nisy Mpanjakan'ny mpanjaka teo ampahafatesana indray andro teo amin'ny Hazo fijaliana, ary nijaly Izy nefa tsy nisy olona nanatona Azy. Tsy nanana olona iray hanampy Azy Izy. Ary nisy vorona volontany kely iray te-hanala an'ireo fantsika teo amin'ny Hazo fijaliana, ka nanohy nanidina teo amin'ny Hazo fijaliana izy ary nanongotra an'ireo fantsika ireo. Kely loatra izy ny hanala azy ireo, ka lasa menan'ny rà tanteraka ny tratra keliny. Ary nanomboka teo dia lasa mena ny tratrany. Aza mitifitra azy, ry tovolahy. Avelao izy hipetraka tsara.

⁴⁶ Nipetraka teo amin'ny sisin'ny varavarankely izy, nisiotsioka araka ny fihiran'ny menatratra. Ary—ary natosik'i Dada ilay varavarankely. Ary rehefa natosik'izy ireo ilay varavarana kely natao varavarankely, dia niditra io Hazavana izay hitanareo amin'ny sary io nihodinkodina teo amin'ilay varavarankely, hoy ny reniko, ary nihantona teo ambonin'ny fandriana. Tsy fantatr'i Nenibe izay ho lazaina.

⁴⁷ Ankehitriny, izahay dia. . . tsy fianakaviana mpivavaka izahay. Katolika ireo havako. Irlandais aho eo amin'ny lafiny roa. Irlandais iringiriny ny raiko, Branham. Ny reniko dia Harvey; saingy fotsiny, ny rainy dia nanambady Indiana Cherokee iray, koa izany no nanapaka an'ilay laharan-drà kelin'ny Irlandais. Ary tsy nandeha tany am-piangonana i Dada sy Neny, fa nivady tany ivelan'ny fiangonana izy ireo ka tsy nanana fivavahana mihitsy. Ary tany amin'ireo tendrombohitra tany ireo dia tsy nisy na dia fiangonana Katolika iray aza. Noho izany dia tonga niaraka tamin'ireo mpanjanatany voalohany izy ireo, tonga ireo Branhams roa, ary avy tamin'izany no nipoiran'ilay taranaka Branhams manontolo; izany no tantaram-pirazanan'ilay fianakaviana.

⁴⁸ Ary noho izany dia nosokafany. . . Rehefa nosokafan'izy ireo io varavarankely io ka niditra tao io Hazavana io, dia tsy fantatr'izy ireo izay hatao. Dada dia nividy ho azy (hoy i Mama) akanjo fitondra miasa vaovao ho an'io zava-mitranga io. Nitsangana izy niaraka tamin'ireo. . . ireo sandrin'ny tao anatin'ny paosin-tratran'ilay akanjo fitondra miasa, tahaka ny nampiasain'ireo mpianala sy mpikapa hazo fahiny tamin'izany andro izany. Ary nampitahotra azy ireo ilay izy.

⁴⁹ Eny, rehefa tonga teo amin'ny faha-folo andro aho angamba, na tahaka an'izany, dia nentin'izy ireo tao amin'ny fiangonana kely Batista nantsoina hoe "Opossum Kingdom," fiangonana Opossum Kingdom Baptist. Tena anarana iray tokoa izany. Nisy mpitory teny antitra mpitety faritra iray tao, nandalo tany ilay mpitory teny Batista amin'ny fanao fahiny saiky isaky ny roa volana. Teo. . . Nanana fotoana kely niaraka ny olona, nandeha nihira hira vitsivitsy izy ireo, saingy nahazo toriteny matetika ihany izy ireo teo amin'ilay mpandeha mpitety faritra. Nanakarama azy tamin'ny voatavo iray gony sy zavatra vitsivitsy tahaka an'izany izy ireo, fantatrareo, izay nambolen'ny olona mba homena azy. Ary nandalo ilay mpitory teny antitra, dia teo no nanolorany vavaka ho ahy raha mbola zazalahy kely. Izany no diako voalohany nankany am-piangonana.

⁵⁰ Ary teo amin'ny taona saiky. . . mihoatra kelin'ny roa taona, dia niseho ilay fahitana voalohany.

⁵¹ Eny, notantarain'izy ireo nanerana an'ireo tendrombohitra tany fa niditra io Hazavana io. Noho izany dia niezaka izy ireo ny hanazava an'izany. Nilaza ny sasany tamin'izy ireo fa tsy maintsy ilay tara-masoandro no nitaratra teo amin'ny fitaratra iray tao an-trano. Nefa tsy nisy fitaratra tao anatin'ny tao. Ary ny masoandro tsy mbola niakatra, noho izany dia mbola aloha be ilay izy, tamin'ny dimy ora. Ary avy eo, oh, navelan'izy ireo fotsiny Izany. Ary izaho rehefa teo amin'ny. . . ataoko fa nanakaiky ny telo taona teo. . .

⁵² Ankehitriny, tsy maintsy mahitsy fo aho. Misy eto ireo zavatra izay tsy tiako ho lazaina, ka maniry aho ny hahafahako miala amin'izany sy tsy tokony hilaza an'izany. Kanefa, mba hitenenana ny fahamarinana, dia tsy maintsy miteny ny fahamarinana ianareo raha eo amin'ny tenanareo ilay izy na ny fianakavianareo. Aoka hahitsy fo mikasika an'izany, ary amin'izay fotoana izay dia tahaka an'izany foana ilay izy.

⁵³ Ny raiko dia lavitry ny maha-olona mpivavaka iray. Izy dia tena karazan'ny tovolahin'ny tendrombohitra iray izay misotro tsy ankitsahatra, isan'andro. Ary tafiditra tao anatin'ny olona tao amin'ny ady iray izy, ka nisy lehilahy roa na telo saiky maty raha niady izy ireo, nitifitra, ary nifanindrona antsy, tao amin'ny karazana fety iray tany an-tendrombohitra. Ary i Dada no iray amin'ireo mpitarika an'io ady io, satria nisy naratra ny iray tamin'ny sakaizany, ka nikapoka olona iray tamin'ny seza. Ary nanana. . . Namoaka antsy iray ilay lehilahy ka nandeha hanindrona an'ilay sakaizan'i Dada teo amin'ny tany tamin'io antsy io, teo amin'ny fony, dia i Dada no niaro azy. Ary tsy maintsy ho ady mahatsiravina marina tokoa izany, satria izy ireo, tany Burkesville tany, maily maro lavitra, nandefa serifa iray izy ireo hanenjika an'i Dada, nitaingina soavaly.

54 Noho izany dia nandry teo am-pahafatesana ilay lehilahy. Mety misy sasany amin'ny havany no mihaino. Hiantso ny anarany aho, Will Yarbrough no anarany. Izy ireo angamba . . . Heveriko fa any California ny sasany amin'izy ireo, amin'ireo zananilahy. Fa izy dia mpisotasota iray, lehilahy matanjaka be, namono ny zananilahy manokana tamin'ny hazo fefy iray. Noho izany izy—lehilahy iray tena matanjaka sy ratsy fanahy izy. Ary noho izany dia nisy ady amin'ny antsy lehibe iray teo aminy sy i Dada. Ary saiky namono an'ilay lehilahy ny raiko, noho izany dia tsy maintsy nandositra izy ary nandao an'i Kentucky ka niampita an'ilay renirano hankany Indiana.

55 Ary nanana rahalahy iray izy izay nipetraka, tamin'izany fotoana izany, tany Louisville, Kentucky, izay mpanampin'ny mpanara-maso ambonin'ny Wood Mosaic Saw Mills tany Kentucky, tany Louisville. Ary noho izany dia tonga i Dada nitady ny zokiny lahy. I Dada no zandriny indrindra amin'ireo zazalahy, tamin'ireo ankizy fito ambin'ny folo. Ary noho izany dia tonga izy nitady ny zokiny lahy, ary lasa tany izy saiky nandritry ny herintaona. Tsy afaka niverina izy, satria nitady azy ny lalàna. Ary avy eo rehefa nandre ny aminy tamin'ny alàlan'ny taratasy izahay, voasonia tamin'ny anarana hafa, saingy izany no efa noteneniny tamin'i neny fa ho toy izany no handrenesany ny aminy.

56 Ary avy eo dia tsaroako indray andro fa ilay loharano (io trano bongo kely io) dia tao ambadiky ny trano mihitsy. Ary—ary nandritr'io fotoana io rehefa . . . Nisy sivy . . . iraika ambin'ny folo volana ny elanelana teo amiko sy ny zandriko manaraka, ary mbola nandady izy. Ary nanana vato goavana iray aho teny an-tànako, ka niezaka aho ny naneho taminy hoe mafy toy ny ahoana no nahafahako hanipy an'io vato io tao anatin'ilay fotaka tranainy, izay navoakan'ilay loharano avy tao amin'ny tany ka nanao an'ilay tany hamotaka. Ary nandre vorona iray aho, ary nihira teo ambonin'ny hazo iray izy. Dia niandrindra teo amin'io hazo io aho ka lasa nanidina ilay vorona, ary, rehefa nanidina izy, dia niteny tamiko ny Feo iray.

57 Ankehitriny, fantatro fa mihevitra ianareo hoe tsy afaka mieritreritra sy mahatsiaro an'izany aho. Saingy ny Tompo Andriamanitra Izay Mpitsara, ny tany sy ny lanitra ary izay rehetra misy, no mahafantatra fa miteny ny fahamarinana aho.

58 Io vorona io, rehefa lasa nanidina izy, dia Feo iray no tonga avy teo amin'izay nisy an'ilay vorona teo amin'ny hazo, toy ny rivotra iray niditra tao anatin'ny kirihitra, ary hoy Izy hoe, “Hipetraka any akaikin'ny tanàna iray antsoina hoe New Albany ianao.” Dia nipetraka aho, nanomboka tamin'ny fotoana naha-telo taona ahy hatramin'izao fotoana izao, tany amin'ny telo maily avy ao New Albany, Indiana.

⁵⁹ Niditra aho ary niteny tamin'ny reniko mikasika an'izany. Eny, nihevitra izy fa nanonofy fotsiny aho na tahaka an'izany.

⁶⁰ Taty aoriana kely dia nifindra nankany Indiana izahay ary nandeha niasa ho an'ny lehilahy iray i Dada, Atoa. Wathen, lehilahy manan-karena iray. Izy no tompon'ny Wathen Distilleries. Ary izy no nanana ny petra-bola lehibe; mpanapitrisa iray izy, sy ireo Kolonelin'i Louisville, ary—ary ny baseball, sy ny sisa. Ary noho izany dia nipetraka teo akaiky teo izahay. Ary satria lehilahy mahantra i Dada, kanefa tsy afaka nanao tsy niaraka tamin'ny fisotroany izy, noho izany izy—nandeha nanamboatra whisky izy tao amin'ny—tao amin'ny alambika iray.

⁶¹ Ary tamin'izay fotoana izay dia lasa asa sarotra teo amiko ilay izy satria izaho no zokiny indrindra tamin'ireo ankizy. Tsy maintsy izaho no tonga sy nitatitra rano nankao amin'io alambika io, mba hihazona an'ireo horonan-tady hangatsiatsiaka rehefa nanamboatra ny whisky izy ireo. Avy eo dia izy no nandeha nivarotra azy, ka amin'izay fotoana izay dia izy no nitondra ny roa na telo tamin'ireo alambika ireo. Ankehitriny, izany ilay ampahany tsy tiako tenenina, saingy izany no fahamarinana.

⁶² Ary tsaroako indray andro, avy teo amin'ilay fitehirizam-bokatra, nandeha nankany an-trano, nitomany. Satria nisy dobo iray tao ambadik'ilay toerana, izany . . . izay nanapahan'izy ireo lagilasy fahiny. Maro aminareo no mahatsiaro rehefa nanapaka lagilasy izy ireo fahiny ka nametraka an'izany tao anatin'ny taim-bakona. Eny, tahaka an'izany no nitehirizan'Atoa. Wathen ny lagilasy tany tao amin'ilay firenena. Ary i Dada dia—dia mpamiliny, mpamily manokana iray. Ary rehefa ny . . . feno trondro io dobo io ka rehefa nandeha nanapaka an'ilay lagilasy izy ireo ary nitondra an'izany ka nametraka azy tao anatin'ny taim-bakona, rehefa nitsonika ilay lagilasy tamin'ny andro fahavaratra arakaraky ny nidinany, dia lasa nadio kely ilay izy heveriko, mitovy kokoa amin'ny lagilasin'ny farihy, dia afaka nampiasa an'izany izy ireo, tsy ho sotroina, fa hihazonana an'ilay rano hangatsiaka, mametraka an'izany manodidina an'ireo sininy sy ireo rononony, sy ny sisa.

⁶³ Ary indray andro aho dia nitondra rano avy tamin'io paompy io, izay saiky tany amin'ny vondron-trano iray. Nivazavaza hatrany amin'izay tsy nila an'izany aho, satria tonga avy any an-tsekoly aho ary lasa nandeha nankeny amin'ilay dobo ireo zazalahy rehetra, nanjono. Tiako mihitsy ny manjono. Ary noho izany dia lasa nandeha nanjono izy rehetra afa—tsy izaho, fa tsy maintsy naka rano ho an'io alambika io aho. Mazava ho azy, oadray, tsy maintsy nafenina izany, voarara ilay izy. Ary izaho . . . Tena asa sarotra iray izany. Ary tsaroako aho tonga teo niaraka tamin'ny rantsan-tongotra tafintohina, ary nasiako volon-katsaka iray narakotra teo ambanin'ny rantsan-tongotra

hiaro azy amin'ny vovoka. Efa mba nanao an'izany ve ianareo? Mametraha volon-katsaka iray fotsiny eo ambanin'ny rantsan-tongotrareo tahaka an'izao dia rakofy tady iray manodidina azy. Hihazona ny rantsan-tongotrareo hitsangana tsara saiky tahaka ny lohan-tsokatra iray izany, fantatrarareo, mitsangana tsara. Afaka nanaraka ahy ianareo na aiza na aiza nalehako, miaraka amin'io volon-katsaka teo ambanin'ny rantsan-tongotro io; teo amin'izay nahatafintohinako azy, fantatrarareo. Tsy nanana kiraro nanaovana mihitsy aho. Noho izany dia tsy nanao kiraro mihitsy izahay, matetika amin'ny antsasaky ny ririnina. Raha nanao izahay, izahay. . . izany dia izay azonay nalaina fotsiny, olona iray no nanome anay. Ary ireo akanjo dia izay olona, fikambanana no nanome anay.

⁶⁴ Koa nijanona teo ambanin'io hazo io aho, ary nipetraka teo nivazavaza fotsiny (Septambra tamin'izany) satria te-handeha hanjono aho, tsy maintsy nameno fantson-drano maro tamin'ny sinin-drano kely aho, saiky tahaka an'izao ny hahavony, antsasaky ny galona iray, satria zazalahy kely iray teo amin'ny fito taona teo fotsiny aho. Ary nararako tao amin'ny fantsona goavana iray izy ireo ary avy eo dia nandeha niverina ka naka siny roa hafa dia niverina, mipaompy an'izany. Izany no rano izay nanananay. Ary tsy maintsy nanodina iray barika tamin'io whisky katsaka io izy ireo tamin'io alina io, ireo lehilahy ireo niaraka tamin'i Dada, tao an-trano.

⁶⁵ Dia nitomany aho, ary tampoka teo dia nandre zavatra iray nanao tabataba tahaka ny tadio iray aho, zavatra tahaka an'izao (ankehitryny, manantena aho fa tsy mafy loatra ilay izy), nanao hoe “Whoooooosssh, whoooooosssh,” tabataba iray tahaka an'izany fotsiny. Eny, tena nangina tanteraka tamin'izany, ary nijery manodidina aho. Ary fantatrarareo ve hoe inona, ny tadio kely iray, mino aho fa ianareo dia miantso azy ireny hoe rivo-doza kely? Amin'ny fararano amin'ny taona izy ireo dia maka eny amin'ny sahan-katsaka, fantatrarareo, an'ireo ravina sy ny sisa, amin'ny fararano any, dia manomboka mivadika fotsiny ireo ravina ireo. Ary teo ambanin'ny hazo amontana fotsy lehibe iray aho, nijoro saiky teo amin'ny antsasa-dàlana manelanelana ny fitehirizam-bokatra sy ny—ny trano. Ary nandre an'io tabataba io aho. Dia nijery manodidina aho, fa tena nangina tahaka ny ao amin'ity efitra ity ilay izy. Tsy nisy ravina iray nikopakopaka na taiza na taiza, na inona na inona. Dia nieritreritra aho hoe, “Avy aiza izany tabataba izany?” Eny, nieritreritra aho hoe, “Tsy maintsy lavitra avy eto izany.” Zazalahy kely iray fotsiny. Ary niha-mafy sy niha-mafy ilay izy.

⁶⁶ Nalainy ireo siny keliko dia nivazavaza kely indray aho ary nanomboka nandeha teo amin'ilay làlan-kely, niala sasatra aho. Ary niala dian-tongotra vitsy avy teo fotsiny aho, avy teo ambanin'ny rantsan'io hazo goavana io, ary, oh, oadray, nanao feon-tadio iray ilay izy. Dia nitodika aho mba hijery, ary saiky

teo amin'ny antsasak'io hazo io dia nisy tadio hafa iray, niditra tao amin'io hazo io nihodina fotsiny ary nihodina, nanetsika an'ireo ravina. Eny, nieritreritra aho fa tsy misy na inona na inona hafahafa mikasika an'izany satria ao amin'ilay andron'ny taona mihitsy ilay izy, ary amin'ny fararano, nahoana, no tonga ireo tadio ireo. Kely . . . Izahay dia miantso azy ireny hoe “tadio.” Ary izy ireo—ary manainga ny vovoka izy ireo. Efa nahita azy ireny any amin'ny tany efitra tahaka an'izany ianareo. Zavatra mitovy. Noho izany dia nandinika aho, saingy tsy niala ilay izy. Mazàna dia feon-drivotra iray vetivety fotsiny ilay izy, avy eo dia lasa, saingy ilay izy dia efa roa minitra na mihoatra no teo.

⁶⁷ Eny, nanomboka nandeha teo amin'ilay làlan-kely indray aho. Dia nitodika aho ka nijery an'io indray. Ary rehefa nanao Izany, dia Feon'olombelona iray azo henoina mihitsy tahaka ny ahy, no nanao hoe, “Aza misotro mihitsy ianao, mifoka, na mandoto ny tenanao amin'ny fomba rehetra. Hisy asa iray hataonao rehefa lehibe ianao.” Nahoana, toy ny hoe nanao ahy ho matin'ny tahotra ilay izy! Azonareo eritreretina hoe toy ny ahoana no tsapan'ny ankizy kely iray. Nalatsako ireo siny, ary nandeha ndany haingana mihitsy arak'izay azoko nandehana aho, nihiakiaka tamin'ny tampon'ny feoko.

⁶⁸ Ary nisy vipera varahina tao amin'io firenena io, bibilava, ary tena misy poizina izy ireo. Nihevitra i Neny, fa hoe nandalo teo akaikin'ilay saha aho ka angamba nametraka ny tongotro teo ambonin'ny vipera varahina iray dia nihazakazaka nitsena ahy izy. Ary nitsambikina teny an-tsandriny aho, nihiakiaka, namihina azy ary nanoroka azy. Dia hoy izy hoe, “Inona ny olana, tratry ny kaikitry ny bibilava ve ianao?” Nijery ahy manerana izy.

Hoy aho hoe, “Tsia, ry Mama! Misy lehilahy iray ao anatin'io hazo ery io.”

⁶⁹ Dia hoy izy hoe, “Oh, Billy, Billy! Ahoana hoe?” Ary hoy izy hoe, “Nijanona ve ianao dia lasa natory?”

⁷⁰ Hoy aho hoe, “Tsia, ry mama! Misy lehilahy iray ao anatin'io hazo io, ary niteny tamiko Izy mba tsy hisotro sy tsy hifoka.”

⁷¹ “Misotro whisky sy—sy ny sisa.” Ary nitondra rano nankeo amin'ny alambika iray aho, tamin'io fotoana io mihitsy. Dia hoy Izy hoe, “Aza misotro mihitsy ianao na mandoto ny tenanao amin'ny fomba rehetra.” Tsy mendrika izany, fantatrareo, ary ny zanako . . . fiainan'ny maha-lehilahy tanora miaraka amin'ny vehivavy. Ary araka ny tsarako indrindra, dia tsy meloka tamin'ny zavatra tahaka an'izany mihitsy aho na indray mandeha aza. Ny Tompo no nanampy ahy tamin'ireo zavatra ireo, ary arakaraky ny hanohizako no hahitanareo. Koa noho izany, “Aza misotro na aza mifoka, na aza mandoto ny tenanao, fa hisy asa iray hataonao rehefa lehibe ianao.”

⁷² Eny, noteneniko tamin'i Mama izany, ary—ary nihomehezany fotsiny aho. Ary izaho dia mora taitra mihitsy. Nantsoiny ny dokotera, ary hoy ny dokotera hoe, “Eny, mikorontan-tsaina fotsiny izy, dia izay ihany.” Noho izany dia napetrany teny ampandriana aho. Ary izaho dia, nanomboka tamin'io andro io ka hatramin'izao, dia tsy mba nandalo intsony mihitsy indray teo akaikin'io hazo io. Natahotra aho. Nandeha tany amin'ny ilany hafa an'ilay saha aho, satria nihevitra aho fa nisy lehilahy iray tao ambonin'io hazo io ary niresaka tamiko Izy, Feo beso be izay miteny.

⁷³ Ary avy eo indray andro teo amin'ny iray volana taorian'io, dia nilalao kanety niaraka tamin'ireo rahalahy keliko aho, teo anoloan'ny tokontany. Ary tampoka teo dia nanana fahatsapana hafahafa aho tonga teo amiko. Dia nijanona aho ary nipetraka teo akaikin'ny hazo iray. Ary teny amin'ny morona avy teo amin'ny Renirano Ohio mihitsy izahay. Dia nijery nankany Jeffersonville aho, ka nahita tetezana iray nitsangana ary niampita an'io, ilay renirano, nisabaka an'ilay renirano. Ary nahita lehilahy enina ambin'ny folo aho (nisaiko izy ireo) izay latsaka avy teo ka nahavery ny ainy teo ambonin'io tetezana io. Nihazakazaka haingana mihitsy aho ka niteny tamin'ny reniko, ary nihevitra izy fa tafatory aho. Saingy notazonin'izy ireo tao an-tsaina izany, ka roa amby roapolo taona taorian'izany ilay Tetezana Monisipaly ankehitriny (izay iampitan'ny maro aminareo rehefa miampita eo ianareo) no mitsivalana eo amin'ilay renirano eo amin'ilay toerana iray ihany, ary lehilahy enina ambin'ny folo no nahavery ny ainy nanorina an'io tetezana io niampita an'ilay renirano.

⁷⁴ Tsy diso mihitsy izany mba ho tena marina tanteraka. Araka ny ahitanareo Azy ato amin'ny efitra malalaka, dia tahaka an'izany hatrany foana Izy.

⁷⁵ Ankehitriny, nihevitra izy ireo fa nikorontan-tsaina fotsiny aho. Fa, olona iray mikorontan-tsaina aho, marina izany. Ary, raha mba mahamarika ianareo, ny olona izay—izay maniry ny ho ara-panahy dia mikorontan-tsaina.

⁷⁶ Jereo ireo poety sy mpaminany. Dia jereo i William Cowper izay nanoratra an'ilay hira malaza hoe, “Misy loharano iray feno Rà, nosintonina avy tamin'ireo làlan-dràn'Imanoela.” Ianareo ve efa mba . . . Fantatrareo ilay hira. Nitsangana teo akaikin'ny fasany aho vao tsy ela akory izay. Rahalahy Julius, mino aho, tsy fantatro, tsia . . . eny, marina izany, no niaraka taminay tany amin'ny fasany tany. Ary—ary teo, rehefa avy nanoratra an'io hira io izy, dia niala taminy ny tsindrimandry, niezaka izy ny hahita an'ilay—ilay renirano mba hamono tena. Hitanareo, niala taminy ny Fanahy. Ary ny olona tahaka ny poety sy mpanoratra ary . . . na tsy . . . ny tiako lazaina dia ireo mpaminany.

⁷⁷ Jereo i Elia, rehefa nitsangana teo amin'ny tendrombohitra izy ka niantso afo avy tany an-danitra ary niantso orana avy tany an-danitra. Avy eo rehefa niala taminy ny Fanahy, dia nandositra nohon'ny fandrahonan'ny vehivavy iray izy. Ary hitan'Andriamanitra izy niafina tao anaty zohy iray, efaolo andro taty aoriana.

⁷⁸ Jereo i Jona, niaraka tamin'ny tsindrimandry betsaka rehefa nanosotra azy hitory teny tany Ninive ny Tompo, hany ka—ka tanàna iray izay tahaka ny haben'i St. Louis no nibebaka niaraka tamin'ny lamba fisaonana. Ary avy eo rehefa niala taminy ny Fanahy, dia inona no nitranga taminy? Mahita azy eny antendrombohitra isika rehefa niala taminy ny Fanahy, nivavaka tamin'Andriamanitra mba haka ny ainy. Ary, hitanareo, izany no tsindrimandry. Ary rehefa mitranga ireo zavatra ireo, izany—dia manao zavatra iray aminareo izany.

⁷⁹ Avy eo dia tsaroako rehefa nitombo aho. Lasa tovolahy iray aho. (Handeha haingana aho hahavita an'ilay izy ao anatin'ny fotoana kely manaraka.) Rehefa lasa tovolahy iray aho dia nanana hevitra tahaka ny tovolahy rehetra. Izaho... nandeha tany an-tsekoly, nahita an'ireo zazavavy kely aho. Fantatrareo, tena saro-kenatra aho, fantatrareo. Ary izaho—farany aho dia nanana sakaiza vavy kely iray. Ary tahaka ny zazalahy rehetra, teo amin'ny dimy ambin'ny folo taona teo, heveriko. Ary—ary noho izany, oh, tena tsara tarehy izy. Oadray, nanana maso tahaka ny voromailala izy, sy nanana nify tahaka ny perla, ary tenda tahaka ny vorondrano, fa izy—tena tsara tarehy izy.

⁸⁰ Ary zazalahy kely hafa iray, izy... mpisakaiza izahay, noho izany dia naka ny Ford modely-T tranainy an'ny dadany izy, dia nanao fotoana iray niaraka tamin'ireo zazavavinay izahay. Dia nandeha izahay nitondra azy ireo hivoaka, nandeha fiara. Nanana ny ampy hividiana lasantsy roa galona izahay. Tsy maintsy nanainga an'ilay kodiarana taoriana izahay mba hamelomana azy amin'ny fanodinana. Tsy fantatro raha mahatsiaro an'izany ianareo na tsia, fantatrareo, mamelona azy amin'ny fanodinana. Fa izahay—tena nety tsara izahay.

⁸¹ Ary noho izany dia nanana vola madinika vitsivitsy aho tao am-paosiko, dia nijanona teo amin'ny toerana kely iray izahay ary nividy... afaka mividy mofo misy hena iray amin'ny vola madinika iray ianareo. Ary noho izany, oh, nanankarena aho, afaka nividy efatra tamin'ireo aho! Hitanareo? Ary rehefa avy nihinana an'ireo mofo misy hena izahay sy nisotro Coca, dia nanomboka namerina an'ireo tavoahangy aho. Ary tamin'ny fahatairako, rehefa nivoaka aho, (vao nanomboka lavo niala tamin'ny fahasoavana mihitsy ireo vehivavy tamin'izany fotoana izany, na tamin'ny naha-vehivavy) dia nifoka sigara ilay voromailala keliko.

⁸² Eny, efa nanana ny hevitra foana aho mikasika ny vehivavy iray izay nifoka sigara, ary tsy nanova an'izany mihitsy aho na kely aza hatramin'izany fotoana izany. Marina izany. Izany no zavatra ambany indrindra izay azony atao. Ary marina tokoa izany. Ary izaho—nieritreritra aho hoe izaho... Ankehitriny, afaka manenjika ahy ilay orin'asan-tsigara mikasika an'izao, saingy, teneniko aminareo, fitapitaky ny devoly fotsiny izany. Izany no mpamono sy ankasomparana goavana indrindra izay ananan'ity firenena ity. Aleoko ho mamolava ny zanakolahy toy izay ho mpifoka sigara. Izany no fahamarinana. Aleoko mahita ny vadiko mandry eo amin'ny godorona, mamo, toy izay mahita azy miaraka amin'ny sigara iray. Izany no hoe toy ny ahoana . . .

⁸³ Ankehitriny, io Fanahin'Andriamanitra izay miaraka amiko io, raha ny Fanahin'Andriamanitra Izany (satria mety hanontany ianareo), ianareo izay mifoka sigara dia anjara manify no anananareo rehefa tonga any ianareo, satria izany fotsiny... isan'andro. Mahamarika an'izany ianareo eo amin'ny lampihazo, hoe ahoana no Anamelohany an'izany. Zavatra mahatsiravina iray izany. Mialà lavitra an'izany. Ry ramatoa, raha efa meloka ny amin'izany ianareo, azafady, amin'ny Anaran'i Kristy, mialà lavitra an'izany! Mamotika anareo izany. Hamono anareo izany. Izany dia . . . Izany dia—homamiadana iray eran'ny lapelina izany.

⁸⁴ Miezaka mampitandrina anareo ireo dokotera. Nefa avy eo dia toy ny ahoana no ahafahan'izy ireo mivarotra aminareo an'io karazan-javatra io! Raha nandeha tany amin'ny fivarotam-panafody ianareo ka nanao hoe, “Hividy . . . te-hividy homamiadana amin'ny dimampolo cents aho.” Nahoana, ho avy izy ireo hanidy azy. Fa rehefa mividy sigara amin'ny dimampolo cents ianareo, dia mividy an'ilay zavatra iray ihany. Ireo dokotera no niteny an'izany. Oh, ity firenena adalam-bola ity. Tena ratsy ilay izy. Mpamono iray izany. Efa voaporofa izany.

⁸⁵ Eny, rehefa nahita an'io zazavavy kely tsara tarehy nanao fihetsika mirentirenty fotsiny io aho, io sigara io no teny antanany, dia toy ny hoe namono ahy izany, satria tena nihevitra marina tokoa aho fa tia azy. Dia nieritreritra aho hoe, “Eny . . .”

⁸⁶ Ankehitriny, izaho dia antsoina hoe “mpankahala vehivavy,” fantatrareo izany, satria manohitra kely an'ireo vehivavy foana aho, saingy tsy manohitra anareo Anabavy. Manohitra fotsiny an'ilay fomba moderina izay ataon'ireo vehivavy aho. Marina izany. Ireo vehivavy tsara dia tokony ho tohanana foana.

⁸⁷ Fa afaka mahatsiaro aho rehefa nandeha tao amin'ilay alambika ny raiko tany, tsy maintsy nandeha teo aho niaraka tamin'ny rano sy ny karazan-javatra, mahita an'ireo ramatoa tanora izay tsy nihoatra ny fito ambin'ny folo, valo ambin'ny folo taona, tany niaraka tamin'ireo lehilahy mitovy amin'ny

taonako ankehitriny, mamo. Ary tsy maintsy nesorin'izy ireo ny hamamoany ka nomeny kafe tsotra izy ireo, mba handehanany hody hahandro ny sakafo harivan'ny vadiny. Oh, zavatra tahaka an'izany, hoy aho hoe, "Izaho. . ." Ity no fanamarihako tamin'izany, "Tsy mitovy vidy amin'ny bala tsara iray hamono azy izy ireo." Marina izany. Ary nankahala vehivavy aho. Marina izany. Ary tsy maintsy mitandrina fotsiny ny hetsika rehetra aho ankehitriny, mba hisakana ahy tsy hieritreritra an'ilay zavatra iray ihany foana.

⁸⁸ Noho izany, saingy ankehitriny, ny vehivavy tsara iray dia vatosoa eo amin'ny satroboninahitry ny lehilahy iray. Tokony homena voninahitra izy. Izy. . . Vehivavy iray ny reniko, ny vadiko dia izany, ary maha-te-ho tia izy ireo. Ary manana anabavy Kristiana an'arivony aho izay hajaiko ambony indrindra. Saingy raha—raha afaka manaja an'izay nanaovan'Andriamanitra azy izy ireo, maha-reny iray sy tena mpanjakavavy iray, dia mety tsara izany. Izy no anankiray amin'ireo zavatra tsara indrindra izay azon'Andriamanitra nomena ny lehilahy iray, dia vady iray. Ankoatran'ny famonjena, dia ny vady iray no zavatra tsara indrindra raha vady tsara iray izy. Fa raha tsy izany izy, dia hoy i Solomona hoe, "Ny vehivavy tsara iray dia vatosoa eo amin'ny satroboninahitry ny lehilahy iray, fa ny—ny anankiray ratsy fanahy kosa na anankiray tsy tsara dia rano ao anatin'ny ràny." Ary marina izany, izany no zavatra ratsy indrindra izay mety mitranga. Noho izany ny vehivavy tsara iray. . . Raha manana vady tsara iray ianareo, rahalahy, dia tokony hanaja azy amin'ny ambony indrindra. Marina izany, tokony hanao an'izany ianareo. Ny tena vehivavy iray! Ary, rankizy, raha manana tena reny iray ianareo izay mijanona ao an-trano ka miezaka mikarakara anareo, manao ny akanjonareo ho madio, mandefa anareo any am-pianarana, mampianatra anareo ny amin'i Jesosy, dia tokony hanome voninahitra an'izany reny antitra mamy izany amin'izay rehetra ao anatinareo ianareo. Tokony hanaja an'izany vehivavy izany ianareo, eny, tompoko, satria tena reny iray izy.

⁸⁹ Miresaka ny amin'ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra any amin'ny tendrombohitri'i Kentucky izy ireo. Mahita an'izany ianareo ato amin'ity tany lavitr'andriana eto ity. Ny sasany amin'ireo bebe tranainy any dia afaka tonga eto Hollywood ka hampianatra anareo reny moderina hoe ahoana no hitaizana ny zanakareo. Avelao ny zanany hiditra indray alina miaraka amin'ny volony misavoritaka tanteraka, sy ireo molony. . . malama, (inona no iantsoanareo an'izany?) karazana lokon-tarehy izay apetrak'izy ireo eo amin'ny tarehiny, sy ny akanjony tery tanteraka eo amin'ny ilany, ary tany ivelany nandritry ny alina manontolo, mamo, rahalahy, hanongotra ny iray amin'ireo rantsan-kazo eny an-tampon'io hazo hickory io izy ka tsy hivoaka intsony mihitsy. Teneniko aminareo,

izy dia . . . Ary raha nanana mihoatra kely amin'izany ianareo, dia hanana Hollywood iray tsaratsara kokoa eo, sy firenena iray tsaratsara kokoa. Marina izany. Marina izany. “Miezaha ho moderina fotsiny,” izany—izany no iray amin'ireo fitaky ny devoly.

⁹⁰ Ankehitriny, io zazavavy kely io, rehefa nijery azy aho, dia nandeha rà fotsiny ny foko. Ary nieritreritra aho hoe, “Zazavavy mampalahelo kely.”

Dia hoy izy hoe, “Oh, mila sigara iray ve ianao, Billy?”

Hoy aho hoe, “Tsia, madama.” Hoy aho hoe, “Tsy mifoka aho.”

⁹¹ Hoy izy hoe, “Ankehitriny, nilaza ianao fa tsy nandihy.” Te-handeha any amin'ny dihy iray izy ireo nefa aho tsy te-hanao an'izany. Noho izany dia nilaza izy ireo fa nisy dihy iray tany, izay nantsoin'izy ireo hoe Sycamore Gardens.

Dia hoy aho hoe, “Tsia, sy mandihy aho.”

⁹² Hoy izy hoe, “Ankehitriny, tsy mandihy ianao, tsy mifoka ianao, tsy misotro ianao. Ahoana no anananao fialam-boly anankiray?”

⁹³ Hoy aho hoe, “Eny, tia manjono aho ary tia mihaza.” Tsy nahaliana azy izany.

Noho izany dia hoy izy hoe, “Raiso ity sigara ity.”

Dia hoy aho hoe, “Tsia, madama, misotra anao. Tsy mifoka aho.”

⁹⁴ Dia nijoro teo amin'ilay sisin'ny fiara aho. Nanana fitoeran-tongotra iray izy ireo teo amin'ireo Ford tranainy, tsaroanareo, ary nijoro teo amin'io sisin'ny fiara io aho, nipetraka teo amin'ny seza aoriana, izaho sy izy. Ary hoy izy hoe, “Ny tianao ho lazaina ve dia hoe tsy mifoka sigara ianao?” Hoy izy, “Fa izahay zazavavy dia manana herim-po be lavitra nohon'ny anananao.”

Hoy aho hoe, “Tsia, madama, tsy mino aho hoe te-hanao an'izany aho.”

⁹⁵ Hoy izy hoe, “Nahoana, sarimbavy be ianao!” Oh, oadray! Te-ho Bill goavana masiaka be aho, noho izany aho—azoko antoka fa tsy nila na inona na inona sarimbavy aho. Hitanareo, te-ho mpiady matihanina iray aho, izany no hevitra teo amin'ny fiainana. Noho izany dia hoy aho hoe . . . “Sarimbavy! Sarimbavy!”

⁹⁶ Tsy nahatanty an'izany aho, noho izany dia hoy aho hoe, “Omeo ahy iny!” Natsotrako ny tânako, hoy aho hoe, “Hasehoko azy na sarimbavy aho na tsia.” Nalaiko ilay sigara dia nanomboka nandrehitra an'ilay afokasoka aho. Ankehitriny, fantatro fa ianareo dia . . . Ankehitriny, tsy tompon'andraikitra amin'izay eritreretinareo aho, tompon'andraikitra fotsiny amin'ny filazana ny fahamarinana aho. Rehefa nanomboka

nandrehitra an'io sigara io aho, tena tapa-kevitra mihitsy ny hifoka an'ilay izy tahaka ny handraisako an'ity Baiboly ity, hitanareo, dia nandre zavatra iray aho nanao hoe, "Whoooooosssh!" Nanandrana indray aho, tsy afaka nitondra an'ilay izy teo amin'ny vavako aho. Dia nitomany aho, ary natsipiko ilay zavatra. Nihomehezan'izy ireo aho. Dia nandeha nody aho, nandalo an'ilay saha, nipetraka tao ivelany tao, nitomany. Ary—ary fiainana iray mahatsiravina izany.

⁹⁷ Tsaroako indray andro fa nandeha nankeny amin'ilay renirano i Dada niaraka tamin'ireo zazalahy. Izaho sy ny rahalahiko, tsy maintsy naka lakana izahay ary nandeha nandroso sy niverina teo amin'ilay renirano, nitady tavoahangy hasiana ny whisky. Nahazo vola madinika isaky ny roa ambin'ny folo tamin'izy ireny izahay, mitsimpona azy ireny nanerana an'ilay renirano. Ary niaraka tamiko i Dada, ary nanana anankiray tamin'ireny fisaka kely ireny izy...mino aho fa tavoahangy eo amin'ny fahefany eo izy ireo. Ary nisy hazo iray teo izay nazeran'ny rivotra, ary i Dada...Ary niaraka taminy io lehilahy io, Atoa. Dornbush. Izaho dia nanana ny... Nanana lakana tsara iray izy, ka te-hahita fitia taminy aho hiaraka aminy satria te-hampiasa an'io sambo io aho. Nanana familian-tsambo tsara iray izy io ary ny ahy tsy nanana familian-tsambo mihitsy. Nanana hazo fisaka tranainy hivoizana fotsiny izahay. Koa raha namela ahy hampiasa an'io lakana io izy... Noho izany, maningina vy izy ary izy no nanamboatra an'ireo alambika ho an'i Dada. Noho izany izy... Nanatsotra ny tongony teo amin'io hazo io izy ireo, dia nikaroka ny paosiny taoriana i Dada ary namoaka tavoahangy fisaka kely iray misy whisky, nanolotra an'izany taminy ary nisotro izy, namerina an'izany tamin'i Dada dia nisotro izy, ary nametraka an'izany teo ambonin'ny solofon-kazo kely iray teo amin'ny sisin'ilay hazo izay naniry. Ary nalain'Atoa. Dornbush izany, hoy izy, "Inty ny anao, Billy."

Hoy aho hoe, "Misaotra anao, tsy misotro aho."

⁹⁸ Hoy izy hoe, "Branham iray ve, nefa tsy misotro?" Ny tsirairay avy dia maty niaraka tamin'ny kirarony, saiky. Dia hoy izy hoe, "Branham iray ve, nefa tsy misotro?"

Hoy aho hoe, "Tsia, tompoko."

"Tsia," hoy i Dada, "nitaiza sarimbavy anankiray aho."

⁹⁹ Ny dadako no niantso ahy hoe sarimbavy iray! Hoy aho hoe, "Atolory ahy iny tavoahangy iny!" Dia nesoriko niala teo amin'ny tampony ilay bosoa, tapa-kevitra ny hisotro an'ilay izy, ary rehefa nanomboka nampakatra azy aho, "Whoooooosssh!" Naveriko ilay tavoahangy ary niainga nankany amin'ilay saha haingana arak'izay vitako aho, nitomany. Nisy zavatra iray tsy namela ahy hanao an'ilay izy. Hitanareo? Tsy afaka nilaza aho hoe tsara iray aho (tapa-kevitra ny hanao an'ilay izy aho), saingy

Andriamanitra izany, fahasoavana, fahasoavana mahagaga izay nisakana ahy tsy hanao an'ireo zavatra ireo. Te-hanao azy ireny aho, ny tenako, saingy tsy namela ahy hanao an'izany Izy.

¹⁰⁰ Taty aoriana dia nahita zazavavy iray aho rehefa teo amin'ny roa amby roapolo taona teo, malala iray izy. Izy dia zazavavy iray izay nandeha tany am-piangonana, Loterana Alemandy. Ny anarany dia Brumbach, B-r-u-m-b-a-c-h, avy tamin'ny anarana hoe Brumbaugh. Ary zazavavy iray mahafinaritra izy. Tsy nifoka izy na nisotro, na—na tsy nandihy izy na inona, zazavavy iray mahafinaritra. Niaraka taminy vetivety aho, ary izaho dia . . . Tamin'izany fotoana izany, teo amin'ny roa amby roapolo taona teo, dia nahazo vola betsaka aho hany ka nividy Ford tranainy iray ho ahy, ary izaho . . . nanao fotoana niaraka nivoaka izahay. Ary noho izany, tamin'izany fotoana izany, dia tsy nisy fiangonana Loterana akaiky, nifindra niala tao Howard Park izy ireo tany.

¹⁰¹ Ary noho izany izy ireo dia . . . mpitoriteny iray, ilay anankiray izay nanendry ahy tao amin'ny fiangonana Missionary Baptist, Dokotera Roy Davis. Ranabavy Upshaw, ilay anankiray mihitsy izay naniraka an-dRahalahy Upshaw nankany amiko, na niresaka taminy mikasika ahy, Dokotera Roy Davis. Ary noho izany dia nitory teny izy, ary nanana ny fiangonana Batista Voalohany, na ny—ny . . . Tsy mino aho fa ny fiangonana Batista Voalohany ilay izy, na, izany dia ny Mission- . . . nantsoina hoe fiangonana Missionary Baptist tao Jeffersonville. Ary nitory teny tao amin'ilay toerana izy tamin'izany fotoana izany, ary ny hariva izahay no nandeha tany am-piangonana, noho izany . . . dia niverina izahay. Ary tsy nikambana tamin'ny fiangonana mihitsy aho, fa tiako fotsiny ny nandeha niaraka taminy. Satria ilay votoatin'ny fisainana dia “mandeha miaraka aminy,” tokony hahitsy fo fotsiny ihany koa aho.

¹⁰² Koa noho izany ny mandeha miaraka aminy, ary indray andro aho . . . Avy amin'ny fianakaviana mahafinaritra iray izy. Dia nanomboka nieritreritra aho hoe, “Fantatrao, fantatrao, tsy tokony haka ny fotoan'io zazavavy io aho. Izany dia tsy—tsy tsara izany, satria zazavavy iray mahafinaritra izy, nefa aho dia mahantra ary—ary izaho . . .” Manana olana ara-pahasalamana ny dadako, ary izaho—izaho . . . Tsy nisy fomba hamelomako zazavavy iray tahaka an'io, izay efa zatra trano mahafinaritra iray sy karipetra eo amin'ny gorodona.

¹⁰³ Tsaroako ny karipetra voalohany izay hany hitako, tsy fantatro hoe inona ilay izy. Nihodina nanaraka ny sisiny aho. Nihevitra aho fa izany no zavatra tsara tarehy indrindra izay hany hitako teo amin'ny fiainako. “Ahoana no nametrahan'izy ireo zavatra tahaka an'izany eo amin'ny gorodona?” Izany no karipetra voalohany izay hany hitako. Izany no—izany no anankiray amin'ireo . . . Mino aho fa izany dia antsoina hoe “karipetra mirandrana.” Mety ho diso aho amin'izany. Toy ny

karazana “randrana” na zavatra izay mifamatopatotra miaraka, ary mipetraka eo amin’ny gorodona. Maitso sy mena tsara tarehy, ary raozy goavana no mipetraka eo afovoan’ily izy, fantatrareo. Zavatra iray tsara tarehy izany.

¹⁰⁴ Ary noho izany dia tsaroako fa izaho—nanapa-kevitra aho fa na tsy maintsy hangataka azy hanambady ahy aho, na tsy maintsy miala aho ka hamela lehilahy tsara iray hanambady azy, olona iray izay tsara ho azy, afaka hamelona azy sy afaka ny ho tsara fanahy aminy. Afaka ny ho tsara fanahy aminy aho, saingy izaho—izaho—izaho dia nahazo roapolo cents isan’ora fotsiny. Noho izany dia tsy afaka ny hamelona azy be loatra aho. Ary izaho . . . Miaraka amin’ny fianakaviana rehetra izay tsy maintsy karakarainay, ary i Dada manana olona ara-pahasalamana, ka izaho no tsy maintsy nikarakara azy rehetra, noho izany dia nanana fotoan-tsarotra iray tsara mihitsy aho.

¹⁰⁵ Noho izany dia nieritreritra aho hoe, “Eny, ny zavatra tokana hataoko dia ny hiteny aminy fa izaho—izaho . . . izy . . . izaho—tsy hiverina fotsiny aho, satria nieritreritra betsaka ny aminy aho hoe sao hanimba ny fiainany ka hamela azy hiadaladala miaraka amiko.” Ary avy eo dia nieritreritra aho hoe, “Raha misy olona iray afaka hahazo azy ka hanambady azy, hanao tokantrano maha-te-ho tia iray. Ary angamba raha tsy afaka hahazo azy aho, dia afaka aho—afaka hahafantatra aho fa sambatra izy.”

¹⁰⁶ Ary noho izany dia nieritreritra aho hoe, “Saingy izaho—izaho fotsiny—tsy afaka mandao azy fotsiny aho!” Ary izaho—tao anatin’ny toerana mahatsiravina iray aho. Ary isan’andro isan’andro dia nieritreritra ny amin’izany foana aho. Noho izany dia saro-kenatra loatra aho ny hangataka azy hanambady ahy. Isan-kariva dia nanapa-kevitra aho hoe, “Hangataka azy aho.” Ary, rehefa izaho, ah, inona moa ilay izy, lolo, na zavatra iray izay ataonareo ao amin’ny . . . ? Ianareo rahalahy rehetra eo angamba dia efa nanana an’ily fahatsapana iray ihany teo amin’izany. Ary tena fihetseham-po iray hafahafa, nafana ny tarehiko. Izaho—tsy fantatro. Tsy afaka nangataka azy aho.

¹⁰⁷ Noho izany dia heveriko fa hanontany ianareo hoe ahoana no mba nanambadiako. Fantatrareo moa? Nanoratra taratasy iray ho azy aho ary nangataka azy. Ary noho izany ny . . . Ankehitriny, ilay izy dia tsy hoe “Ramatoakely malala,” mihoatra kely noho izany ilay izy (fantatrareo) eo amin’ny lafiny fitiavana. Ilay izy fotsiny dia tsy—tsy fifanekena iray, ilay izy dia . . . Izaho—nosoratako ilay izy, ny tsara indrindra izay vitako.

¹⁰⁸ Ary natahotra kely ny reniny aho. Ny reniny dia . . . somary masiaka izy. Ary, fa ny rainy dia Holandey antitra iray malemy fanahy, lehilahy antitra iray mahafinaritra fotsiny. Izy dia mpandrindra iray an’ny firahalahiana, ireo mpiasan’ny lamasinina, eo amin’ny lalamby, nahazo dimanjato dolara isambolana tamin’izany fotoana izany. Nefa aho nahazo roapolo

cents isan'ora, hanambady ny zananivavy. Ah! Fantatro fa tsy hety mihitsy izany. Ary ny reniny dia tena... Ankehitriny, ramatoa iray mahafinaritra izy. Ary izy—karazan'ny iray amin'ireo antokon'olona ambony izy, fantatrarao, ary sarotiny kely, fantatrarao, ka noho izany dia tsy nisy nilainy ahy betsaka na ahoana na ahoana. Zazalahy iray sassafra tranainy tsotra an'ambanivohitra fotsiny aho, ary nihevitra izy fa tokony handeha hiaraka amin'ny kilasin-jazalahy iray tsaratsara kely kokoa i Hope, ary izaho—izaho—izaho dia mihevitra fa marina ny azy. Ary noho izany... Fa izaho—tsy nieritreritra an'izany aho tamin'izany.

¹⁰⁹ Noho izany dia nieritreritra aho hoe, “Eny, ankehitriny, tsy fantatro hoe ahoana. Izaho—tsy afaka hanontany ny dadany aho, ary izaho—azoko antoka fa tsy hanontany ny reniny aho. Ary noho izany dia tsy maintsy hanontany azy aho aloha.” Noho izany dia nanoratra taratasy iray aho. Ary tamin'io maraina io teny amin'ny lâlana nandeha niasa, dia nalatsako tao amin'ny boaty fandefasan-taratasy ilay izy. Ilay taratasy... Handeha ho any am-piangonana izahay ny Alarobia hariva, ary Alatsinainy maraina tamin'io. Niezaka aho ny Alahady tontolo andro ny hiteny taminy fa te-hanambady aho, nefa tsy nety nahazo fahasahiana betsaka mihitsy aho.

¹¹⁰ Koa noho izany dia nalatsako tao anatin'ny boaty fandefasan-taratasy ilay izy. Ary teo am-piasana tamin'io andro io dia sendra nieritreritra aho hoe, “Ahoana moa raha ny reniny no maharay an'io taratasy io?” Oh, oadray! Tamin'izay fotoana izay dia fantatro fa vita ny amiko raha—raha sendra izy no maharay an'izany, satria tsy niraharaha betsaka mikasika ahy izy. Eny, tera-tsemboka fotsiny aho.

¹¹¹ Ary tamin'io Alarobia hariva io rehefa tonga aho, oh, oadray, nieritreritra aho hoe, “Ahoana no handehanako miakatra eo? Raha ny reniny no naharay an'ilay taratasy dia tena hamely ahy tokoa izy, noho izany dia manantena aho fa izy no naharay azy.” Ilay izy dia nataoko tamin'ny adiresy hoe “Hope.” Izany no anarany, Hope. Ary noho izany dia hoy aho hoe, “Ho soratako fotsiny ilay izy eto hoe ho an'i Hope.” Ary noho izany... Dia nieritreritra aho fa angamba mety tsy izy no naharay an'ilay izy.

¹¹² Noho izany dia nahafantatra tsaratsara kokoa nohon'ny nijanona teo ivelany aho ka nampaneno ny klaksona mba hivoahany. Oh, oadray! Fa ny zazalahy rehetra izay tsy manana fahasahiana betsaka handeha eo amin'ilay trano ka handondona eo amin'ny varavarana ary hangataka an'ilay zazavavy, dia tsy tokony hivoaka hiaraka aminy mihitsy akory aza na ahoana na ahoana. Tena marina tokoa izany. Tena hadalana izany. Ratsy izany.

¹¹³ Ary noho izany dia najanoko ny Ford tranainiko, fantatrarao, ary nataoko namiratra tanteraka izy. Ary noho izany dia

nandeha niakatra aho ka nandondona teo amin'ny varavarana. Mamindrà fo, ny reniny no nanatona teo amin'ny varavarana! Zara aho raha nahazo ny fofon'aiko, hoy aho hoe, "Ahoana—ahoana—manao ahoana ianao, Rtoa. Brumbach?" Hia.

114 Hoy izy hoe, "Manao ahoana ianao, William."

Nieritreritra aho hoe, "Ah-oh, 'William'!"

Dia—dia hoy izy hoe, "Hiditra ve ianao?"

115 Hoy aho hoe, "Misaotra anao." Niditra avy teo amin'ilay varavarana aho. Hoy aho hoe, "Efa ho vonona mihitsy ve i Hope?"

116 Ary tamin'izay fotoana izay mihitsy no tonga i Hope niantambotsambootra eran'ny trano, zazavavy iray teo amin'ny enina ambin'ny folo taona teo fotsiny. Dia hoy izy hoe, "Manakory, Billy!"

117 Dia hoy aho hoe, "Manakory, Hope." Dia hoy aho hoe, "Efa ho vonona ho any am-piangonana ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Afaka iray minitra fotsiny."

118 Nieritreritra aho hoe, "Oh, oadray! Tsy voarainy mihitsy ilay izy. Tsy voarainy mihitsy ilay izy. Tsara, tsara, tsara. Na i Hope aza dia tsy naharay an'ilay izy koa, noho izany dia ho mety tsara izany, satria tokony ho nampahafantariny ahy ilay izy." Noho izany dia nahatsapa ho tena tsara aho.

119 Ary avy eo rehefa tonga tany am-piangonana aho, dia sendra nieritreritra hoe, "Ahoana moa raha izy no naharay an'ilay izy?" Hitanareo? Ary tsy afaka nandre an'izay nolazain'i Dokotera Davis aho. Nijery nankany aminy aho, ka nieritreritra aho hoe, "Raha hazoniny fotsiny indray angamba ilay izy, dia tena hiteny ahy mafy izy rehefa mivoaka avy eto aho, mba hanontany azy an'io." Ary tsy afaka nandre an'izay nolazain-dRahalalahy Davis aho. Ary—ary nijery nankany aminy aho, dia nieritreritra hoe, "Oadray, halako ny handao azy, saingy... Ary izaho—izaho... azo antoka fa tonga ny fifanatrehana."

120 Noho izany taorian'ny fiangonana dia nandeha niaraka teny an-dalambe izahay, nandeha nody, ary—ary noho izany dia nandeha hatreo amin'ilay Ford tranainy izahay. Ary noho izany dia namiratra mazava nanerana ny volana, fantatrarao, nijery aho ary tsara tarehy izy. Ry tovolahy, nijery azy aho, dia nieritreritra hoe, "Oadray, toy ny ahoana no itiavako hahazo azy, saingy ataoko fa tsy vitako."

121 Ary noho izany dia nandeha lavidavitra kely aho, fantatrarao, ary nijery azy indray. Hoy aho hoe, "Ahoana—ahoana no tsapanao izao hariva izao?"

Hoy izy hoe, "Oh, mety tsara aho."

122 Dia najanonay ilay Ford tranainy ka nanomboka nidina izahay, fantatrarao, nanodidina ny sisiny, nandeha nanodidina

ny zorony ary nandeha hatreo amin'ny tranony. Dia nandeha niakatra hatreo amin'ny varavarana niaraka taminy aho. Nieritreritra aho hoe, “Fantatrao, mety tsy naharay an'ilay taratasy mihitsy angamba izy, noho izany dia tsara amiko fotsiny koa ny manadino an'ilay izy. Hanana herinandron'ny famindrampo hafa iray aho na ahoana na ahoana.” Noho izany dia nahatsapa ho tena tsara aho.

Hoy izy hoe, “Billy?”

Hoy aho hoe, “Hia.”

Hoy izy hoe, “Voaraiko ny taratasinao.” Oh, oadray!

Hoy aho hoe, “Voarainao ve?”

¹²³ Hoy izy hoe, “Ah-hah.” Eny, nanohy nandeha fotsiny izy, tsy nilaza teny hafa iray mihitsy.

¹²⁴ Nieritreritra aho hoe, “Ry vehivavy, mitenena zavatra iray amiko. Roahy lavitra aho na teneno amiko izay heverinao mikasika an'ilay izy.” Dia hoy aho hoe, “Ianao ve—efa novakiana ve ilay izy?”

Hoy izy hoe, “Ah-hah.”

¹²⁵ Oadray, fantatrarao hoe ahoana no ahafahan'ny vehivavy iray mihazona anareo ao anatin'ny fampindrana. Oh, izaho—tsy tahaka an'izany mihitsy no tiako nilazana azy, hitanareo. Hitanareo? Saingy, na ahoana na ahoana, fantatrarao, izaho—nieritreritra aho hoe, “Nahoana ianao no tsy milaza zavatra iray?” Hitanareo, dia nanohy nandeha aho. Hoy aho hoe, “Efa novakiana ve izy rehetra?”

Ary izy . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] “Ah-hah.”

¹²⁶ Noho izany efa saiky teo amin'ny varavarana izahay, dia nieritreritra aho hoe, “Ry tovolahy, aza entina hatreny amin'ny lavarangana aho, satria mety tsy afaka hihazakazaka mihoatra azy ireo aho, noho izany dia teneno amiko ankehitriny.” Ary noho izany dia nanohy niandry aho.

¹²⁷ Dia hoy izy hoe, “Billy, tiako ny hanao an'izany.” Hoy izy hoe, “Tiako ianao.” Hitahy ny fanahiny anie Andriamanitra ankehitriny, any amin'ny Voninahitra izy. Hoy izy hoe, “Tiako ianao.” Hoy izy, “Heveriko fa tokony hiteny amin'ny raiamandrenintsika isika . . . ireo raiamandreny mikasika an'izany. Tsy mihevitra tahaka an'izany ve ianao?”

¹²⁸ Dia hoy aho hoe, “Malala, henoy, ndao isika hanomboka an'izao amin'ny tolo-kevitra antsasany-antsasany.” Hoy aho hoe, “Izaho hiteny amin'ny dadanao raha hiteny amin'ny reninao ianao.” Nafototro tany aminy ilay ampahany ratsy indrindra, teo am-panombohana.

Hoy izy hoe, “Eny àry, raha ianao aloha no hiteny amin'i Dada.”

Hoy aho hoe, “Eny àry, hiteny aminy aho amin’ny Alahady hariva.”

¹²⁹ Ary noho izany dia tonga ny Alahady hariva, nentiko tany an-tranony izy avy tany am-piangonana ary izaho... Nanohy nijery ahy izy. Dia nijery aho, ary tamin’ny sivy sy sasany tamin’izay, izany no fotoana handehanako. Noho izany dia nipetraka teo amin’ny biraony i Charlie, nitendry milina fanoratana. Ary nipetraka tery an-jorony Rtoa. Brumbach, nanao karazana zaitra amin’ny bà, fantatrareo, na ireny kofehin-javatra henjaninareo amin’ny zavatra ireny, fantatrareo. Tsy fantatro izay iantsoanareo azy. Ary noho izany dia nanao zavatra avy amin’io karazan-javatra io izy. Dia nanohy nijery ahy i Hope, ary nivandravandra ahy izy, fantatrareo, manao fihetsehana mankany amin’ny dadany. Ary izaho... Oh, oadray! Nieritreritra aho hoe, “Ahoana moa raha milaza izy hoe, ‘Tsia?’” Noho izany dia nanomboka nivoaka ny varavarana aho, hoy aho hoe, “Eny, ataoko fa tsaratsara kokoa ho ahy ny mandeha.”

¹³⁰ Dia nandeha teo amin’ny varavarana aho, ary—ary nanomboka nankeo amin’ny varavarana niaraka tamiko izy. Nanatona ny varavarana foana izy ka niteny tamiko hoe “tafandria mandry.” Noho izany dia nanomboka nankeo amin’ny varavarana aho, dia hoy izy hoe, “Tsy hiteny aminy ve ianao?”

¹³¹ Dia hoy aho hoe, “Hah!” Hoy aho hoe, “Azoko antoka fa miezaka aho, saingy izaho—izaho—tsy fantatro hoe ahoana no hanaovako an’ily izy.”

¹³² Dia hoy izy hoe, “Handeha hiverina fotsiny aho ary antsoy izy.” Noho izany dia niverina izy ka namela ahy nitsangana teo.

Dia hoy aho hoe, “Charlie.”

Nitodika izy ary nanao hoe, “Hia, Billy?”

Hoy aho hoe, “Afaka miresaka aminao iray minitra fotsiny ve aho?”

¹³³ Hoy izy hoe, “Azo antoka.” Nitodika avy teo amin’ny biraony izy. Nijery azy Rtoa. Brumbach, nijery an’i Hope, ary nijery ahy.

Dia hoy aho hoe, “Hivoaka eny an-davarangana ve ianao?”

Dia hoy izy hoe, “Eny, hivoaka aho.” Noho izany dia nivoaka teo an-davarangana izy.

Hoy aho hoe, “Azo antoka fa hariva tsara tarehy ilay izy, sa tsy izany?”

Dia hoy izy hoe, “Eny, izany ilay izy.”

Hoy aho hoe, “Azo antoka fa tena mafana.”

“Izany tokoa,” nijery ahy izy.

¹³⁴ Hoy aho hoe, “Niasa mafy aho,” hoy aho, “fantatrao, na ny tànako aza dia lasa mivontovonto.”

Hoy izy hoe, “Afaka mahazo azy ianao, Bill.” Oh, oadray! “Afaka mahazo azy ianao.”

¹³⁵ Nieritreritra aho hoe, “Oh, tsaratsara kokoa izany.” Hoy aho hoe, “Tena matotra ve ianao amin’izany, Charlie?” Hoy izy. . . Hoy aho hoe, “Charlie, jereo, fantatro fa zanakao vavy izy, ary manam-bola ianao.”

¹³⁶ Dia natsotrany ny tàmàny ka noraisiny tamin’ny tàmàna aho. Hoy izy hoe, “Bill, henoy, tsy ny vola no zavatra rehetra izay ao amin’ny fiainan’olombelona.” Hoy izy. . .

¹³⁷ Hoy aho hoe, “Charlie, izaho—roapolo cents isan’ora ihany no azoko, saingy tiako izy ary izy tia ahy. Ary mampanantena anao aho, Charlie, fa hiasa mandra-pahatongan’ireto. . . ireo mivontovonto ho lefy eo amin’ny tàmàko, hamelona azy. Ho mahatoky aminy mihitsy arak’izay haha-izy ahy aho.”

¹³⁸ Hoy izy hoe, “Mino an’izany aho, Bill.” Hoy izy hoe, “Henoy, Bill, te-hiteny aminao aho.” Hoy izy, “Fantatrao, ny fahasambarana, tsy ny vola fotsiny ihany no ilaina hahasambatra.” Hoy izy, “Aoka ho tsara aminy fotsiny. Ary fantatro fa ho izany ianao.”

Hoy aho hoe, “Misaotra anao, Charlie. Azo antoka fa hataoko izany.”

¹³⁹ Avy eo dia ny fotoana hitenenany amin’i Mama. Tsy fantatro hoe ahoana no nandaminany, fa nivady izahay.

¹⁴⁰ Noho izany, rehefa nivady izahay, dia tsy nanana na inona na inona, tsy nisy na inona na inona hikarakarana tokantrano. Heveriko fa nanana roa na telo dolara izahay. Noho izany dia nanofa trano iray izahay, efatra dolara isam-bolana no naloanay. Izany dia toerana kely, efitrano roa tranainy. Ary olona iray no nanome anay fandriana mivalona tranainy iray. Manontany aho raha misy olona efa mba nahita fandriana mivalona tranainy iray? Ary izy ireo no nanome anay an’izany. Dia nandeha tany amin’ny Sears sy Roebucks aho ka nividy latabatra kely iray niaraka tamin’ny seza efatra, ary izany—tsy niloko izany, fantatrareo, ary naloanay tsikelikely ilay izy. Ary noho izany dia nandeha nankany amin’Atoa. Weber aho avy eo, mpivarotra brokantera, ary nividy fatana fandrahoana. Dimy amby fitopolo cents no naloako ho an’izany, ary iray dolara mahery kely ho an’ny fitonoana hatao ao anatiny. Nandamina ny fikarakarana tokantrano izahay. Tsaroako aho naka ary nandoko sary kodiadram-borona iray teo amin’ireo seza, rehefa nandoko azy ireo aho. Ary, oh, sambatra izahay, na izany aza. Nifanaraka izahay, noho izany dia izay ihany no nilaina. Ary Andriamanitra, nohon’ny Famindrampony sy ny Fahatsarany, dia izahay no mpivady sambatra indrindra izay nety nisy teto an-tany.

¹⁴¹ Izao no hitako, fa ny fahasambarana dia tsy avy amin’ny hoe fananan’izao tontolo izao firy no anananareo, fa hoe

toy ny ahoana no mahafa-po anareo amin'ny ampahany izay voatsinjara ho anareo.

¹⁴² Ary, afaka kelikely, dia nidina Andriamanitra ka nitahy ny tokantrano kelinay, nahazo zazalahy kely iray izahay. Ny anarany dia Billy Paul, ato amin'ny fivoriana izy izao ankehitriny izao eto. Ary taoriana kelin'izany, teo amin'ny iraka ambin'ny folo volana teo, dia nitahy anay indray Izy niaraka tamin'ny zazavavy kely iray nantsoina hoe Sharon Rose, nalaina avy tamin'ny teny hoe "Ny Raozin'i Sarena."

¹⁴³ Ary tsaroako indray andro nitahiry ny volako aho ary nandeha naka fakan-drivotra kely iray, nandeha nankany amin'ny toerana iray, ny Paw Paw Lake, hanjono. Ary teny amin'ny lalako niverina . . .

¹⁴⁴ Fa nandritr'io fotoana io . . . Adinoko ny fiovam-poko. Niova fo aho. Ary notendren'ny Dokotera Roy Davis aho, tao amin'ny fiangonana Missionary Baptist, ka lasa mpitoriteny iray ary manana ny tabernakla izay itoriako teny ankehitriny ao Jeffersonville. Ary nitandrina an'ilay fiangonana kely aho. Ary izaho . . .

¹⁴⁵ Tsy nisy vola, nitandrina fiangonana nandritry ny fito ambin'ny folo taona aho fa tsy nandray iraimbilanja mihitsy. Izaho dia tsy nino ny fakan- . . . Tsy nisy lovia fitatazan-drakitra mihitsy aza tao anatin'izany. Ary izay ampahafolon-karena izay azoko avy tamin'ny asa, sy ny sisa, dia nisy boaty kely iray tao aorian'ilay tranobe, nilaza, famantarana kely teo aminy hoe, "Arak'izay nataonareo tamin'ireo Madiniko kely ireo, no nataonareo Tamiko." Ary noho izany dia tahaka an'izany no nandoavana ny fiangonana. Nahazo sambo-bola folo taona izahay handoavana azy, ary voaloha tao anatin'ny roa taona latsaka izany. Fa tsy naka rakitra avy tamin'ny karazany rehetra mihitsy aho.

¹⁴⁶ Ary noho izany aho dia nanana, oh, dolara vitsivitsy izay notehiriziko ho an'ny fakan-drivotro. Izy dia niasa, ihany koa, tao amin'ny Fine's Shirt Factory. Zazavavy malala iray maha-teho tia. Ary mety feno oram-panala ny fasany ankehitriny, saingy mbola ao am-poko foana izy. Ary tsaroako rehefa niasa mafy izy mba hanampy ahy hahazoana vola ampy handehanana hankany amin'io farihy io mba hanjono.

¹⁴⁷ Ary rehefa niverina avy tany amin'ilay farihy aho, dia nanomboka nahita aho, tonga tany Mishawaka sy South Bend, Indiana, dia nanomboka nahamarika an'ireo fiara izay nanana an'ireo famantarana taoriana, nanao hoe, "Jesosy Itery." Dia nieritreritra aho hoe, "Toa hafahafa izany hoe, 'Jesosy Itery.'" Dia nanomboka nahamarika an'ireo famantarana ireo aho. Ary izany dia na taiza na taiza nanomboka tamin'ireo bisikilety, Fords, Cadillacs, sy inona koa, "Jesosy Itery." Dia nanaraka ny

sasany tamin'izy ireo aho, ary tonga teo amin'ny fiangonana goavana be iray izy ireo. Ary hitako fa Pentekotista izy ireo.

¹⁴⁸ Efa nandre ny amin'ny Pentekotista aho, saingy izy ireo dia andiana “holy-rollers izay mandry amin'ny gorodona ary misy faroratra eo amin'ny vavany,” sy ny zavatra rehetra izay notenenin'izy ireo tamiko. Noho izany dia tsy te-hanao na inona na inona tamin'izany aho.

¹⁴⁹ Noho izany dia nandre azy rehetra ireo nanao hadalana tao aho, dia nieritreritra aho hoe, “Mino aho fa hiditra fotsiny aho.” Noho izany dia najanoko ny Ford antitro dia niditra, ary ny fihirana rehetra izay hany renareo teo amin'ny fiainanareo! Dia hitako fa nisy fiangonana lehibe roa tao, ny iray tamin'izy ireo dia nantsoina hoe ny P.A. an'i J.C., sy ny P.A. an'i W., maro aminareo olona no mety mahatsiaro an'ireny rafi-pandam-... Heveriko fa mitambatra izy ireo, antsoina ankehitriny, ary antsoina hoe ny fiangonana Pentekotista Mitambatra. Eny, nihaino ny sasany tamin'ireo mpampianany aho. Ary nitsangana teo izy ireo, oh, nampianatra mikasika an'i Jesosy izy ireo sy hoe lehibe toy ny ahoana Izy, ary zavatra lehibe toy ny ahoana izany, ary mikasika ny “batisan'ny Fanahy Masina.” Nieritreritra aho hoe, “Inona no resahan'izy ireo?”

¹⁵⁰ Ary, afaka kelikely, dia nitsambikina ny olona iray ka nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra. Eny, tsy mbola nandre zavatra tahaka an'izany mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Ary indro niakatra teo ny vehivavy iray nihazakazaka haingana mihitsy arak'izay vitany. Avy eo dia nitsangana izy rehetra ary nanomboka nihazakazaka. Dia nieritreritra aho hoe, “Eny, rahalahy, azo antoka fa tsy manana an'ireo fanao ao am-piangonana izy ireo!” Miantsoantso sy mihiakiaka ary manao hadalana, nieritreritra aho hoe, “Andiana inona àry ity!” Saingy, fantatrareo, nisy zavatra mikasika an'izany, arakaraky ny nijanonako ela, no nitiavako azy tsaratsara kokoa. Nisy zavatra iray izay toy ny tena tsara tao. Dia nanomboka nandinika azy ireo aho. Ary nitohy izany. Nieritreritra aho hoe, “Hiaritra miaraka amin'izy ireo vetivety fotsiny aho, satria izaho dia . . . teo akaikin'ny varavarana aho. Raha misy zavatra manomboka tsy voahevitra fotsiny, dia hivoaka haingana amin'ny varavarana aho. Fantatro hoe aiza no nanajanonako ny fiarako, teo amin'ny zorony mihitsy.”

¹⁵¹ Dia nanomboka nandre ny sasany tamin'ireo mpitory teny aho, izay nahay sy nianatra. Nahoana, nieritreritra aho hoe, “Mahafinaritra izany.”

Noho izany dia tonga ny fotoana fisakafoanana, ka voalaza hoe, “Ny olona rehetra tongava hisakafo.”

¹⁵² Fa nieritreritra aho hoe, “Andraso iray minitra. Manana iray dolara sy dimy amby fitopolo cents aho handehanana hody, ary izaho . . .” Izay ihany no nananako ho an'ny volan'ny lasantsy.

Izay fotsiny no nilaina hitondra ahy hody. Ary nanana ny Ford tranainiko aho, Ford tranainy iray tsara tarehy ilay izy. Tsy mpiverin-dàlana izy, tahaka an'ilay anankiray eto fotsiny izy, valaka fotsiny. Ary izany . . . Mino tokoa aho fa mandeha telopolo mailly isan'ora io Ford io, saingy mazava ho azy fa izany dia dimy ambin'ny folo amin'ity lalana ity ary dimy ambin'ny folo amin'ity lalana ity. Hitanareo, atambaro izany, dia mahazo telopolo ianareo. Ary noho izany ilay izy . . . Nieritreritra aho hoe, "Eny, izao hariva izao dia heveriko fa handeha aho ary aorian'ny . . ." Nijanona ho an'ny fivoriana hariva aho.

¹⁵³ Ary, oh, hoy izy hoe, "Tanareo mpitory teny rehetra, tsy mampaninona izay anaram-piangonana, tongava eto amin'ny lampihazo." Eny, nisy teo amin'ny roanjato taminay no niakatra teo, niakatra aho. Ary noho izany dia hoy izy hoe, "Ankehitriny, tsy manam-potoana hitorianareo rehetra teny isika." Hoy izy hoe, "Mandalova fotsiny dia lazao hoe iza ianareo ary avy aiza ianareo."

¹⁵⁴ Eny, tonga ny fotoako, hoy aho hoe, "William Branham, Batista. Jeffersonville, Indiana." Dia nandalo.

¹⁵⁵ Efa nandre ny sisa rehetra tamin'izy ireo aho niantso ny tenany hoe, "Pentekotista, Pentekotista, Pentekotista, P.A. an'i W., P.A.J.C., P.A.W., P . . ."

¹⁵⁶ Nandalo aho. Nieritreritra aho hoe, "Eny, ataoko fa izaho ilay ganagana ratsy tarehy." Noho izany dia nipetraka aho, niandry.

¹⁵⁷ Ary, tamin'io andro io, izy ireo dia nanana mpitory mahafinaritra, tanora tany, ary nitory teny tamin-kery izy ireo. Ary avy eo dia hoy izy ireo hoe, "Ny anankiray izay hitondra ny hafatra izao hariva izao dia . . ." Mino aho fa izy ireo dia niantso azy hoe, "Loholona." Ary ireo mpitoriteniny, raha tokony hoe "Revera," ilay izy dia "Loholona." Ary nitondra lehilahy antitra mainty hoditra iray izy ireo teo, ary nanao ny anankiray tamin'ireny palitaon'ny mpitoriteny tamin'ny fanao fahiny ireny izy. Ataoko fa tsy mbola nahita anankiray mihitsy ianareo. Rambom-boromailala lava ny ao an-damosina, fantatrareo, miaraka amin'ny vozon'akanjo volory, ary nanana sisim-bolo kely fotsy fotsiny izy nanodidina ny lohany. Lehilahy antitra mampalahelo, nivoaka tahaka an'izao izy, fantatrareo. Dia nitsangana teo izy ary nitodika nanodidina. Fa rehefa avy nitory mikasika an'i Jesosy ireo mpitory teny rehetra sy ilay lehibe . . . lehibe toy ny ahoana Izy, sy ny sisa, dia naka ny lahateniny avy tao amin'ny Joba io lehilahy antitra io. "Taiza ianao rehefa nametraka ny fanorenana an'izao tontolo izao Aho, na rehefa niara-nihira ireo kintan'ny maraina ka nihiakampifaliana ireo zanak'Andriamanitra?"

¹⁵⁸ Ary ilay lehilahy antitra mampalahelo, nieritreritra aho hoe, "Nahoana izy ireo no tsy nametraka an'ireo lehilahy tanora

hiakatra eo hitory teny?” Lehibe. . . feno sy hipoka ilay toerana. Dia nieritreritra aho hoe, “Nahoana izy ireo no tsy nanao an’izany?”

¹⁵⁹ Koa noho izany ity lehilahy antitra ity, raha tokony hitory an’izay niseho teto an-tany teto, dia nanomboka nitory an’izay niseho tany An-danitra foana izy. Eny, naka Azy tany amin’ny fiandohana tamin’ny fiandohan’ny fotoana izy, ary namerina Azy tao amin’ny Fihaviana Faharoa nampidina ny avana mitsivalana. Nahoana, tsy mbola nandre fitoriana tahaka an’izany mihitsy aho teo amin’ny fiainako! Saiky tamin’io fotoana io dia nikasika azy ny Fanahy, nitsambikina avo tahaka an’izao izy ary nanapoapoaka ny voditongony niaraka, nanarina ny sorony ary nitongilangilana niala teo amin’ny lampihazo, nanao hoe, “Tsy manana efitra ampy hitoriako teny ianareo eto.” Nefa nanana efitra be lavitra nohon’ny ananako eto izy.

¹⁶⁰ Nieritreritra aho hoe, “Raha Izany no hanao lehilahy antitra iray hihetsika tahaka an’izao, dia ahoana no Hataony raha tonga eo amiko Izany?” Izaho—nieritreritra aho hoe, “Angamba mila iray amin’Izany aho.” Nahoana, raha tonga teo izy, dia nitsetra an’ilay lehilahy antitra aho. Saingy, rehefa lasa izy, dia nitsetra ny tenako aho. Dia nijery azy niala teo aho.

¹⁶¹ Lasa aho tamin’io alina io, dia nieritreritra hoe, “Ankehitriny, rahampitso maraina dia tsy hamela na iza na iza hahafantatra aho hoe aiza, iza aho.” Noho izany dia nandeha aho, ary tamin’io alina io dia navaloko ny patalohako. Nalaiko ny. . . nandeha nivoaka tany amin’ny sahan-katsaka aho mba hatory, ary lasa aho ka nividy mofokely maina vitsivitsy ho ahy. Ianareo. . . Nividy andiany iray manontolo tamin’izy ireny tamin’ny nikela iray aho. Nisy fisintonan-drano iray tany, naka rano kely aho. Noho izany dia fantatro fa haharitra amiko vetivety izany, noho izany dia naka rano kely ho ahy aho ary nisotro an’izany, dia lasa aho ary nihinana an’ireo mofokeliko. Dia niverina aho ary nisotro rano indray. Nandeha tao amin’ilay sahan-katsaka aho, naka an’ireo seza roa ka nametraka ny patalohako corsaire tao, namalona azy ireo teo amin’ny seza.

¹⁶² Ary, tamin’io alina io, dia nivavaka saiky ny alina manontolo aho. Hoy aho hoe, “Tompo, inona ity nahatafiditra ahy ity? Tsy mbola nahita olona mpivavaka tahaka an’izao mihitsy aho teo amin’ny fiainako.” Dia hoy aho hoe, “Ampio aho hahafantatra ny mikasika an’ity rehetra ity.”

¹⁶³ Ary ny ampitso maraina dia nandeha tany aho. Nanasa anay ho an’ny sakafo maraina izy ireo. Mazava ho azy, tsy te-ho avy hihinana niaraka tamin’izy ireo aho, satria tsy nanana na inona na inona hapetraka tao amin’ny rakitra. Dia niverina fotsiny aho. Ary ny ampitso maraina rehefa niditra aho, nahoana (nihinana ny sasany tamin’ireo mofokeliko aho), dia nipetraka. Ary nametraka fanamafisam-peo iray izy ireo. Fa tsy mbola nahita

fanamafisam-peo iray mihitsy aho tany aloha, ka natahotra an'io zavatra io aho. Noho izany izy ireo. . . Ary nisy tady kely iray nihantona teto ambony teto, ary nihantona izany. Anankiray amin'ireny fanamafisam-peo mikiraviravy ireny, mitovy. Dia hoy izy hoe, “Omaly hariva, teto amin'ny lampihazo, dia nisy mpitory teny tanora iray teto, Batista iray.”

Nieritreritra aho hoe, “Ah-oh, ho voavely tsara mihitsy aho ankehitriny.”

¹⁶⁴ Dia hoy izy hoe, “Izy no mpitory teny tanora indrindra teto amin'ny lampihazo. Ny anarany dia Branham. Misy olona ve mahafantatra hoe aiza ho aiza izy? Teneno izy ho avy, tianay izy hitondra ny hafatry ny maraina.”

¹⁶⁵ Oh, oadray! Nanao T-shirt kely iray aho, ary pataloha corsaire, fantatrareo. Ary izahay Batista dia mino fa tokony hanao palitao sy pataloha iray ianareo, hiakarana eo amin'ny polipitra, fantatrareo. Noho izany. . . Ary izaho—tena nipetraka tsara mihitsy aho. Ary nandritr'io fotoana io. . . Nataon'izy ireo tany Avaratra ilay izy tamin'izany fotoana izany satria (ny fivoriany iraisam-pirenena) tsy ho afaka tonga tany amin'izany ireo olona mainty hoditra raha tany Atsimo no nisy an'ilay izy. Nanana ny mainty hoditra izy ireo tany, nefa izaho dia Tatsimo iray, mbola nanana tavolo teo amin'ny vozon'akanjoko foana, hitanareo, nihevitra fa tsaratsara kely kokoa nohon'ny olon-kafa aho. Ary sendra tamin'io maraina io, nipetraka teo akaikiko mihitsy dia nisy—nisy lehilahy mainty hoditra iray. Noho izany dia nipetraka aho ary nijery azy. Nieritreritra aho hoe, “Eny, rahalahy iray izy.”

¹⁶⁶ Dia hoy izy hoe, “Misy olona mahafantatra ve hoe aiza ho aiza i William Branham?” Nisitrika ambany tao amin'ilay seza aho tahaka an'izao. Noho izany dia hoy izy, nilaza an'ilay izy fanindroany, nanao hoe, “Misy olona ve any ivelany” (nisintona an'io fanamafisam-peo kely io izy) “mahafantatra hoe aiza ho aiza i William Branham? Teneno izy fa mila azy ho eto amin'ny lampihazo izahay ho an'ny hafatry ny maraina. Mpitory teny Batista iray izy avy any Indiana atsimo.”

¹⁶⁷ Tena nipetraka tsara fotsiny aho ary niondrika ambany, fantatrareo. Tsy nisy olona nahafantatra ahy, na ahoana na ahoana. Nijery ahy io zazalahy mainty hoditra io, nanao hoe, “Fantatrao ve hoe aiza izy?”

¹⁶⁸ Nieritreritra aho. Izaho—na tsy maintsy handainga aho na hanao zavatra iray. Noho izany dia hoy aho hoe, “Miondreha eto.”

Hoy izy hoe, “Eny, tompoko?”

Hoy aho hoe, “Te-hiteny zavatra aminao aho.” Hoy aho hoe, “Izaho—izaho no izy.”

Hoy izy hoe, “Eny, mandehana miakatra eny.”

169 Dia hoy aho hoe, “Tsia, tsy vitako. Hitanao,” hoy aho, “manao an’ireto pataloha corsaire ratsy ireto aho ary ity T-shirt kely ity.” Hoy aho hoe, “Tsy afaka hiakatra eny aho.”

170 Hoy izy hoe, “Ireo olona ireo dia tsy miraharaha hoe ahoana no fiakanjonao. Mandehana miakatra eny.”

Hoy aho hoe, “Tsia, tsia.” Hoy aho hoe, “Manohiza mipetraka tsara, aza milaza na inona na inona ankehitriny.”

171 Dia niverina teo amin’ny fanamafisam-peo iray minitra izy ireo, nanao hoe, “Misy olona mahafantatra ve hoe aiza ho aiza i William Branham?”

172 Hoy izy hoe, “Ity izy! Ity izy! Ity izy!” Oh, oadray! Niakatra teny aho niaraka tamin’io T-shirt kely io, fantatrarao. Ary indro aho. . .

173 Hoy izy hoe, “Miakara, Atoa. Branham, tianay ianao hitondra ny hafatra.” Oh, oadray, teo anatrehan’ireo mpitory teny rehetra ireo, ahm, ireo olona rehetra ireo! Dia nandeha niakatra nijaikojaiko aho, fantatrarao. Mena ny tarehiko, nahamay ny sofiko. Dia niakatra nijaikojaiko aho, pataloha corsaire sy T-shirt, mpitory teny, mpitory teny Batista niakatra nanatona an’ily fanamafisam-peo, tsy mbola nahita mihitsy tany aloha, hitanareo.

174 Dia nitsangana teo aho, hoy aho hoe, “Eny, izaho—izaho—tsy mahafantatra ny mikasika an’ity aho.” Nitavozavoza aho, tena nikorontan-tsaina, fantatrarao. Ary—ary namadika teo amin’ny Lioka 16 aho, dia nieritreritra aho hoe, “Eny, ankehitriny. . .” Ary izaho—nankeo amin’ny lohateny aho hoe, “Dia nanandratra ny masony tao amin’ny helo izy, ary nitomany.” Ary izaho dia. . . Noho izany aho—nanomboka nitory teny aho, fantatrarao, ary nitory teny aho ka nahatsapa ho tsaratsara kely kokoa. Dia hoy aho hoe, “Tao amin’ny helo ilay mpanan-karena, ary nitomany izy.” Ireo teny kely telo ireo, toy ny nananako toriteny betsaka tahaka an’izany hoe, “Mino An’Izany Ve Ianao,” sy “Teneno Ilay Vatolampy,” efa nandre ahy nitory an’ireo ianareo. Ary nalaiko ny hoe, “Ary noho izany dia nitomany izy.” Dia hoy aho hoe, “Tsy nisy zanaka teo, tsy nisy tokoa tao amin’ny helo. Noho izany dia nitomany izy.” Hoy aho hoe, “Tsy nisy voninkazo teo. Noho izany dia nitomany izy. Tsy nisy Andriamanitra teo. Noho izany dia nitomany izy. Tsy nisy Kristy teo. Noho izany dia nitomany izy.” Noho izany dia nitomany aho. Nisy Zavatra nihazona ahy. Oadray! Oh, oadray! Avy eo, tsy fantatro izay nitranga. Rehefa somary niverina tamin’ny tenako aho, dia nitsangana tany ivelany aho. Niantsoantso sy nihiakiaka ary nitomany ireo olona ireo, ary izaho, nanana fotoana iray nahavariana izahay.

175 Rehefa nivoaka tany ivelany aho dia nisy lehilahy iray nanatona ahy niaraka tamin’ny satroka Texas goavana be iray, kiraro goavana, nanatona, nanao hoe, “Izaho no Loholona

Ranona-sy-ranona.” Mpitory teny, nanao kiraron’ny cow-boy, akanjon’ny cow-boy.

Nieritreritra aho hoe, “Eny, tsy dia tena ratsy loatra ilay patalohako corsaire raha izany.”

¹⁷⁶ Hoy izy, “Tiako ianao ho tonga any Texas ka hanao fifohazana iray ho ahy.”

¹⁷⁷ “Ah-hah, mamelà ahy handray naoty an’izany, ramosé.” Dia noraisiko naoty tahaka an’izany ilay izy.

¹⁷⁸ Indro tonga ny lehilahy iray niaraka tamin’ny anankiray amin’ireny pataloha kely, karazana fanaovana golf ireny, izay nampiasain’izy ireo hilalaovana golf fahiny, fantatrareo, nanao an’ireny pataloha mibontsina kely ireny. Hoy izy hoe, “Izaho no Loholona *Ranona-sy-ranona* avy any Miami. Tiako ny . . .”

¹⁷⁹ “Oadray, angamba tsy dia midika be loatra amin’ily izy ny fiakanjoana.” Nojereko ilay izy, dia nieritreritra aho hoe, “Eny àry.”

¹⁸⁰ Noho izany dia noraisiko ireo zavatra ireo, ary nandeha nody aho. Nitsena ahy ny vadiko, hoy izy hoe, “Nahoana ianao no toa tena faly, ry Billy?”

¹⁸¹ Hoy aho hoe, “Oh, nihaona tamin’ny tsara indrindra tamin’ny ronono aho. Oadray, izany no tsara indrindra izay hany hitanao. Tsy menatra ny amin’ny fivavahany ireo olona ireo.” Ary, oh, noteneniko taminy ny rehetra mikasika an’ily izy. Dia hoy aho hoe, “Ary jereo eto, ry malala, laharana fanasana manontolo. Ireo olona ireo!”

Hoy izy hoe, “Tsy holy rollers izy ireo, sa tsy izany?”

¹⁸² Hoy aho hoe, “Tsy fantatro hoe karazana holy rollers inona izy ireo, fa nanana zavatra izay nilaiko izy ireo.” Hitanareo? Hoy aho hoe, “Izany—izany no zavatra iray izay azoko antoka.” Hoy aho hoe, “Nahita lehilahy antitra iray aho, sivifolo taona, tonga tanora indray.” Hoy aho hoe, “Tsy mbola nandre toriteny tahaka an’izany mihitsy aho teo amin’ny fiainako. Nahoana, tsy mbola nahita mpitory teny Batista iray tahaka an’izany mihitsy aho.” Hoy aho hoe, “Mitory teny izy ireo mandra-pahatonga azy ireo tsy hanana fofon’aina, ary mamoritra ny lohaliny eo amin’ny gorodona mihitsy, miharina indray, maka ny fofon’ainy. Afaka mandre azy ireo any amin’ny vondron-trano lavitra ianao, mbola mitory teny foana.” Dia hoy aho hoe, “Izaho—tsy mbola nandre zavatra tahaka an’izany mihitsy aho teo amin’ny fiainako.” Dia hoy aho hoe, “Miteny amin’ny fiteny tsy fantatra izy ireo, ary ilay iray hafa miteny an’izay resahan’izy ireo. Tsy mbola nandre zavatra tahaka an’izany mihitsy aho teo amin’ny fiainako!” Hoy aho hoe, “Handeha hiaraka amiko ve ianao?”

¹⁸³ Hoy izy hoe, “Malala, rehefa nanambady anao aho, dia hifikitra aminao mandra-pahatongan’ny fahafatesana

hampisaraka antsika.” Hoy izy hoe, “Handeha aho.” Hoy izy hoe, “Ankehitriny, hiteny amin’ireo havana isika.”

¹⁸⁴ Dia hoy aho hoe, “Eny, ianao miteny amin’ny mamanao ary izaho hiteny amin’ny mamako.” Noho izany izahay. . . Nandeha aho ary niteny tamin’i Mama.

¹⁸⁵ Hoy i Mama hoe, “Eny, azo antoka, Billy. Na inona na inona niantsoan’ny Tompo anao mba hatao, dia mandehana ataovy izany.”

¹⁸⁶ Ary noho izany dia nangataka ahy ho tonga Rtoa. Brumbach. Nandeha aho. Hoy izy hoe, “Inona izany resahanao izany?”

¹⁸⁷ Dia hoy aho hoe, “Oh, Rtoa. Brumbach,” hoy aho, “tsy mbola nahita olona tahaka an’izany mihitsy ianareo rehetra.”

Hoy izy hoe, “Milamina! Milamina!”

Hoy aho hoe, “Eny, madama.” Hoy aho hoe, “Miala tsiny aho.”

Dia hoy izy hoe, “Fantatrao ve fa andiana holy rollers iray izany?”

¹⁸⁸ Hoy aho hoe, “Tsia, madama, tsy fantatro izany.” Hoy aho hoe, “Izy ireo—azo antoka fa olona mahafinaritra izy ireo.”

¹⁸⁹ Hoy izy hoe, “Ilay tena hevitra! Mihevitra ve ianao fa hitaritarika ny zanako vavy any anivon’ny karazan-javatra tahaka an’izany!” Hoy izy, “Mampihomehy! Tsy misy afa-tsy fakofako izay natsipin’ireo fiangonana hafa fotsiny izany.” Hoy izy hoe, “Izany tokoa! Tsy hitondra ny zanako vavy any tahaka an’izany ianao.”

¹⁹⁰ Dia hoy aho hoe, “Saingy, fantatrao, Rtoa. Brumbach, fa ato am-poko dia tsapako fa tian’ny Tompo handeha hiaraka amin’ireo olona ireo aho.”

¹⁹¹ Hoy izy hoe, “Mandehana miverina any amin’ny fiangonanao mandra-pahatongan’izy ireo ho afaka hanome anao fitandremana iray, dia manaova toy ny lehilahy anankiray izay manan-tsaina.” Hoy izy, “Tsy hitondra ny zanako vavy hankany ianao.”

Hoy aho hoe, “Eny, madama.” Nihodina aho dia lasa nivoaka.

¹⁹² Dia nanomboka nitomany i Hope. Nivoaka izy, hoy izy hoe, “Billy, tsy mampaninona izay lazain’i Mama, hijanona hiaraka aminao aho.” Ho tahiana anie ny fony!

Dia hoy aho hoe, “Oh, mety tsara daholo izany, ry malala.”

¹⁹³ Dia navelako nandeha fotsiny ilay izy. Tsy namela ny zananivavy handeha hiaraka amin’ny karazan’olona tahaka an’io izy satria “Tsy misy afa-tsy fakofako izany.” Ary noho izany dia somary navelako handeha fotsiny ilay izy. Izany no fahadisoana ratsy indrindra izay hany vitako teo amin’ny fiainako, anankiray amin’ny ratsy indrindra.

¹⁹⁴ Taty aoriana kely, taona vitsy taty aoriana, dia tonga ireo ankizy. Ary indray andro izahay dia...Tonga ny tondra-drano iray, tamin'ny 1937. Tonga ny tondra-drano iray. Ary ny...Teo am-panaovana fisafoana aho tamin'izay fotoana izay ary niezaka ny tsarako indrindra hamoaka ny olona hiala tao amin'ilay tondra-drano, nirodana ireo trano. Ary lasa narary ny vadiko manokana, ary izy dia tena, tena nararin'ny aretin'avokavoka. Dia nentin'izy ireo izy...Tena feno ilay hopitaly mahazatra ka tsy afaka nametraka azy tao izahay, noho izany dia nentinay izy nankao amin'ny an'ny—ny governemanta izay nananan'izy ireo efitra iray tao. Ary noho izany dia niantso ahy indray izy ireo. Ary izaho dia niaina foana teo amin'ilay renirano, ary tena lehilahin-tsambo iray tokoa, noho izany dia niezaka aho ny nitondra ny olona, namonjy azy ireny tamin'ny tondra-drano. Ary tamin'izay fotoana izay aho dia... anankiray... .

¹⁹⁵ Niantso ahy izy ireo, nanao hoe, “Misy trano iray any amin'ny Chestnut Street, efa saiky vonona ny ho lasa ilay izy. Misy reny iray sy andian'ankizy iray ao anatin'ny ao,” hoy izy ireo, “raha mihevitra ianao fa ny sambonao, ny moteranao dia afaka ny ho tonga eo amin'izy ireo.”

Hoy aho hoe, “Eny, hataoko izay rehetra azoko atao.”

¹⁹⁶ Ary izaho, nitety an'ireo onja ireo. Vaky ilay fefiloha tany, ary, oh, oadray, ny...nifaoka an'ilay tanàna fotsiny. Fa nirimorimo mafy arak'izay vitako rehetra aho, ary farany dia tonga teo amin'ireo làlankely sy nanerana an'ireo toerana. Ary tonga tany aho teo akaikin'izay nisy an'ilay fiantsonantsambo tranainy, niraraka avy tao ny rano. Dia nandre olona iray niantsoantso aho, ary nahita reny iray nitsangana teo amin'ny lavarangana. Ary nisy an'ireo onjan-drano goavana teo nandalo tahaka an'izao. Eny, nanohy niakatra tamin'ity làlana ity lavitra arak'izay vitako aho, ary namely an'ilay fikorian-drano ka niverina ary tonga teo amin'io ilany io. Najanoko arapotoana mihitsy ny samboko mba hamatorako azy teo amin'ilay andry, an'ilay tolàna, an'ilay tolànam-baravarana na tolànan-davarangana. Dia niditra haingana aho ary nandramby an'ilay reny ka nampiditra azy tao anatin'ny tao, sy ny roa na telo tamin'ireo ankizy. Dia novahako ny samboko ka nitondra azy mba...niverina. Nandeha nidina ambany aho, ary nitondra azy teny amin'ny morona, teo amin'ny mailly iray sy sasany nanerana ny tanàna teo, mandra-pitondrako azy teny amin'ny morona. Ary avy eo rehefa tonga teny aho, dia torana izy. Ary izy dia nanomboka...niantsoantso izy hoe, “Ny zazakeliko! Ny zazakeliko!”

¹⁹⁷ Eny, nieritreritra aho fa ny tiany nolazaina dia hoe navelany any an-trano ilay zazakely. Oh, oadray! Lasa niverina indray aho raha mbola niezaka nikarakara azy izy ireo. Ary, teo vao hitako, fa ilay izy dia...na tiany ho fantatra hoe taiza ilay zazakeliny

tany. Nisy zaza kely iray teo amin'ny telo taona teo, fa nihevitra aho hoe ny tiany ho lazaina dia zazakely minono iray na tahaka an'izany.

¹⁹⁸ Ary noho izany dia lasa niverina aho ary nandeha nankany. Ary rehefa namatotra an'io sambo io aho dia niditra tao anatin'ny nefa tsy afaka nahita zazakely, dia rava ilay lavarangana ary nirodana ilay trano. Dia nihazakazaka haingana mihitsy aho ary nandramby an'ilay—ilay tapa-kazo teo izay nihazona ny samboko hitsingevana, niditra tao amin'ny sambo, ary nisintona azy sy namaha azy.

¹⁹⁹ Koa izany no nitondra ahy nankao amin'ilay fandehanan-dranon'ilay renirano lehibe tamin'izay fotoana izay. Ary teo amin'ny iraika ambin'ny folo sasany alina tamin'izany, ary nanoran-dranomandry mihitsy sy nanoram-panala. Dia norambasako ilay tadim-pamelomana ary nanandrana nisintona an'ilay sambo aho, nefa tsy nety velona ilay izy, dia nanandrana aho fa tsy nety velona ilay izy, dia nanandrana indray aho. Nandroso niha-lavitra tao anatin'io fandehanan-drano io, teo ambaniko mihitsy ireo rian-drano. Dia niezaka mafy mihitsy aho, ary nieritreritra hoe, “Oh, oadray, ity—ity no farako! Izay no izy!” Dia niezaka mafy mihitsy aho. Ary hoy aho hoe, “Tompo, aza mamela ahy ho faty amin'ny fahafatesana tahaka an'ity azafady,” dia nisintona aho ary nisintona.

²⁰⁰ Dia niverina tamiko indray ilay izy hoe, “Ahoana ny amin'io andiana fakofako izay tsy tianao handehanana io?” Hitanareo? Ah-hah.

²⁰¹ Napetrako teo amin'ilay sambo indray ny tànako, dia hoy aho hoe, “Andriamanitra, mamindrà fo amiko. Aza mamela ahy handao ny vadiko sy ny zazakeliko tahaka an'izao, nefa marary izy ireo any! Azafady!” Dia nanohy nisintona tahaka an'izany fotsiny aho, nefa tsy nety velona ilay izy. Ary afaka nandre an'ilay fieronana aho tany, satria izaho. . . Minitra vitsy fotsiny, dia, oh, oadray, ho izany ilay izy. Ka hoy aho hoe, “Tompo, raha hamela ahy Ianao, dia mampanantena Anao aho fa hataoko ny zavatra rehetra.” Nandohalika tao anatin'io lakana teo io aho tany, ary namely ahy teo amin'ny tavako ilay oran-dranomandry. Hoy aho hoe, “Hanao ny zavatra rehetra izay Tianao hataoko aho.” Dia nisintona indray aho, ary velona ilay izy. Ary nalefako arak'izay vitako ny lasantsy rehetra teo aminy, ka farany dia tonga teo amin'ny morona aho.

²⁰² Dia niverina aho mba hahita an'ilay kamiao, ilay kamiaon'ny fisafoana. Dia nieritreritra aho ny amin'ny. . . Nisy ny sasany tamin'izy ireo teo nanao hoe, “Hono ho'aho, voafaoka mihitsy ilay an'ny governemanta.” Ny vadiko sy ny zazakeliko tao anatin'ny tao, ireo zazakely roa.

²⁰³ Dia niainga nankany amin'ilay an'ny governemanta haingana arak'izay vitako aho, ary ny rano dia saiky tany

amin'ny dimy ambin'ny folo dian-tongotra ny halaliny nanerana azy rehetra. Ary nisy mazaoro iray tao, dia hoy aho hoe, “Mazaoro, inona no nitranga tamin'ilay hopitaly?”

Hoy izy, “Ankehitriny, aza manahy. Manana anankiray ao anatin'ny ao ve ianao?”

Hoy aho hoe, “Eny, va—vady marary iray sy zazakely roa.”

²⁰⁴ Hoy izy hoe, “Tafavoaka daholo izy ireo.” Hoy izy, “Ao anatin'ny vagao fitateran'entana iray izy ireo ary handeha hankany Charlestown.”

²⁰⁵ Nihazakazaka aho, niakatra tao anatin'ny samboko ary. . . na niditra tao anatin'ny fiarako, ary ny samboko taoriany, ary nihazakazaka nankany amin'ny. . . Ary avy eo ireo helodrano dia lasa nihitatra teo amin'ny maily roa sy sasany na telo ny velarany. Ary nandritry ny alina manontolo dia niezaka aho ny. . . Hoy ny sasany tamin'izy ireo hoe, “Ilay vagao, ilay vagao fitateran'entana, dia niala tamin'ireo lalamby teo ambonin'ilay tsivalam-by tany.”

²⁰⁶ Eny, nahita ny tenako nitoka-monina teo amin'ny nosy kely iray aho, nipetraka teo nandritry ny telo andro. Nanana fotoana betsaka aho nieritreretana na fakofako Izany na tsia. Niady fotsiny hoe, “Aiza ny vadiko?”

²⁰⁷ Farany rehefa hitako izy, tao anatin'ny andro vitsy taty aoriana rehefa nivoaka aho ka niampita, dia tany ambony tany izy tany Colombus, Indiana, tao amin'ny Baptist Auditorium izay nanamboaran'izy ireo ny—ny karazana hopitaly iray, efitry ny marary eo ambonin'ny fandrian'ny marary an'ny governemanta. Dia nihazakazaka nankany aminy haingana arak'izay vitako aho, niezaka ny hahita hoe taiza izy, niantsoantso hoe, “Hope! Hope! Hope!” Dia nijery aho, ary indro izy nandry teo ambonin'ny fandrian'ny marary iray, ary niditra ny TB.

Ningainy ny tânany kely efa taolana sisa, ka hoy izy hoe, “Billy.”

Dia nihazakazaka nankeo aminy aho, ka hoy aho hoe, “Hope, malala.”

Hoy izy hoe, “Ratsy tarehy aho, sa tsy izany?”

Hoy aho hoe, “Tsia, ry malala, tena tsara ianao.”

²⁰⁸ Nandritry ny teo amin'ny enim-bolana teo dia niasa tamin'ny zavatra rehetra izay tao anatinay izahay, mba hiezahana hamonjy ny ainy, saingy nitohy niha-nalemy sy niha-nalemy izy.

²⁰⁹ Indray andro dia tany amin'ny fisafaoana aho ary nalefako ny radio-ko, dia nihevitra aho fa nandre azy ireo nilaza, nanao antso iray tamin'ilay radio, nanao hoe, “Ho an'i William Branham, ilaina avy hatrany any amin'ny hopitaly, eo am-pahafatesana ny vadiny.” Niverina tany amin'ny hopitaly haingana arak'izay vitako aho, namelona an'ilay jiro mena sy ilay anjombona,

ary niainga. Ary avy eo aho—tonga teo amin’ny hopitaly aho dia nijanona, nihazakazaka miditra. Teo am-pitetezana nanerana an’ilay—ilay hopitaly, dia hitako ny namako iray izay niarahanay nanjono, nandeha niaraka izahay raha mbola zazalahy, Sam Adair.

²¹⁰ Dokotera Sam Adair, izy ilay anankiray izay nahatongavan’ilay fahitana vao tsy ela akory izay ka niteny taminy mikasika an’ilay toeram-pitsaboana. Ary izy no nilaza, raha nisy olona nisalalasa tamin’ilay fahitana, dia niantso azy fotsiny tamin’ny antso averim-bola izy, raha tianareo ny hahafantatra na marina ilay izy na tsia.

²¹¹ Ary noho izany dia indro izy tonga tahaka an’izany, ary nanana ny satrony teny an-tànany. Nijery ahy izy ary nanomboka nitomany fotsiny. Dia nihazakazaka nankeo aminy aho, nametraka ny sandriko nanodidina azy. Nametraka ny sandriny nanodidina ahy izy, nanao hoe, “Billy, ho lasa izy.” Hoy izy hoe, “Miala tsiny aho. Efa nataoko izay rehetra azoko natao, efa naka an’ireo manam-pahaizana manokana sy ny sisa aho.”

Hoy aho hoe, “Ry Sam, azo antoka fa tsy ho lasa izy!”

Hoy izy, “Hia, ho lasa izy.” Dia hoy izy hoe, “Aza miditra ao, Bill.”

Dia hoy aho hoe, “Tsy maintsy miditra aho, Sam.”

Dia hoy izy hoe, “Aza manao an’izany. Aza miditra, azafady aza miditra.”

Hoy aho hoe, “Avelao aho hiditra.”

Hoy izy, “Handeha hiaraka aminao aho.”

²¹² Hoy aho hoe, “Tsia, mijanona eto ianao. Te-hijanona miaraka aminy ao amin’ireo minitrany farany aho.”

Hoy izy, “Tsy mahatsiaro tena izy.”

²¹³ Niditra tao amin’ilay efitra aho. Ary nipetraka tao ilay mpampivelona, ary nitomany izy satria izy sy i Hope dia mpisakaiza niaraka tany am-pianarana. Ary noho izany dia nijery aho, ary nanomboka nitomany izy, nanainga ny tànany. Dia nanomboka nandroso aho.

²¹⁴ Ary nijery aho, ka nanetsika azy. Teo izy, nihena izy nanomboka teo amin’ny roapolo amby zato livatra, hatrany amin’ny enimpolo eo ho eo. Ary izaho—nanetsika azy aho. Ary raha mbola ho velona zato taona aho, dia tsy ho adinoko mihitsy izay nitranga. Nitodika izy, ary nijery ahy ireo masony goavana be tsara tarehy. Nitsiky izy. Hoy izy hoe, “Nahoana ianao no niantso ahy indray, ry Billy?”

Hoy aho hoe, “Malala, vao avy nandre ny fampielezam-peo aho.”

²¹⁵ Tsy maintsy niasa aho. Tratry ny trosa izahay ary an-jatony dolara ho an’ny faktioran’ny dokotera, nefa tsy nisy na inona na

inona handoavana an'izany. Koa tsy maintsy niasa fotsiny aho. Ary nijery azy indroa na intelo isan'andro aho, ary isan-kariva, ary avy eo dia rehefa tao anatin'io toerana io izy.

Hoy aho hoe, “Inona no tianao ho lazaina hoe, ‘Niantso’ anao ‘indray?’”

²¹⁶ Hoy izy hoe, “Bill, efa nitory mikasika an'Izany ianao, efa niresaka mikasika an'Izany ianao, saingy tsy manana hevitra mihitsy ianao hoe inona Izany.”

Hoy aho hoe, “Mikasika ny inona no resahanao?”

²¹⁷ Hoy izy hoe, “Ny Lanitra.” Hoy izy hoe, “Jereo,” hoy izy, “efa tany an-Trano aho narahin'ny olona maromaro, lehilahy na vehivavy na tahaka an'izany. Nitafoy lamba fotsy izy ireo.” Dia hoy izy hoe, “Tao amin'ny fiadanana sy filaminana aho.” Hoy izy, “Nanidina avy teo amin'ny hazo nankeo amin'ny hazo ireo vorona goavana tsara tarehy.” Hoy izy hoe, “Aza mihevitra hoe tsy tompon'ny tenako aho.” Hoy izy hoe, “Billy, ho teneniko anao ny fahadisoantsika.” Hoy izy hoe, “Mipetraha.” Tsy nipetraka aho; nandohalika aho, nandray ny tanany. Hoy izy hoe, “Fantatrao ve hoe aiza no misy ny fahadisoantsika?”

Dia hoy aho hoe, “Eny, ry malalan'ny foko, fantatro.”

²¹⁸ Hoy izy hoe, “Tsy tokony nihaino an'i Mama mihitsy isika. Marina ireo olona ireo.”

Dia hoy aho hoe, “Fantatro izany.”

²¹⁹ Hoy izy hoe, “Mampanantenà ahy an'izao, hoe handeha hankany amin'ireo olona ireo ianao,” hoy izy, “satria marina izy ireo.” Dia hoy izy hoe, “Tezao tahaka an'izany ireo zanako.” Ary izaho. . . Hoy izy hoe, “Te-hiteny zavatra aminao aho.” Hoy izy hoe, “Eo am-pahafatesana aho, saingy” hoy izy “izany dia. . . izaho tsy—tsy matahotra ny handeha aho.” Hoy izy, “Izany dia—tsara tarehy izany.” Hoy izy hoe, “Ny zavatra tokana, dia halako ny handao anao, ry Bill. Ary fantatro fa manana an'ireo ankizy kely roa ho tezaina ianao.” Hoy izy hoe, “Mampanantenà ahy fa—fa tsy hijanona ho tokan-tena ianao ka hamela ny zanako ho voasintona avy eo amin'ny andry mankeo amin'ny tsato-kazo.” Zavatra matotra anankiray izany ho an'ny reny iray iraika amby roapolo taona.

Ary hoy aho hoe, “Tsy afaka mampanantena an'izany aho, ry Hope.”

²²⁰ Hoy izy hoe, “Mampanantenà ahy azafady.” Hoy izy, “Zavatra anankiray izay tiako tenenina aminao.” Hoy izy, “Tsaroanao ve ilay basy lava?” Adalam-basy mihitsy aho. Dia hoy izy hoe, “Te-hividy an'io basy io ianao tamin'izany andro izany nefa tsy nanam-bola ampy handoavana an'ilay vola arotsaka mialoha.”

Hoy aho hoe, “Eny.”

221 Hoy izy hoe, “Efa nitahiry ny volako aho, ireo nikelako, hiezahana handoavana an’ily vola arotsaka mialoha eo amin’io basy lava io ho anao.” Hoy izy hoe, “Ankehitriny, rehefa mifarana izao ka handeha hiverina hody ianao, dia jereo eo ambonin’ily seza lava . . . na ilay fandriana miforitra roa, eo ambanin’ily sila-taratasy eo an-tampony, dia ho hitanao eo ilay vola.” Hoy izy hoe, “Mampanantenà ahy fa hividy an’io basy lava io ianao.”

222 Tsy fantatrarao hoe toy ny ahoana no tsapako rehefa nahita an’io dolara dimy amby fitopolo cents (tamin’ny nikela) io aho nipetraka teo. Azoko ilay basy lava.

223 Dia hoy izy hoe, “Tsaroanao ve ilay fotoana izay nandehananao tany an-tanàn-dehibe mba hividy bân-kiraro ho ahy, ka tokony nandeha tany Fort Wayne isika?”

Hoy aho hoe, “Eny.”

224 Tonga avy tany amin’ny fanjonoana aho, ary nilaza izy . . . Tsy maintsy nandeha tany Fort Wayne izahay, tsy maintsy nitony teny aho tamin’io hariva io. Dia hoy izy hoe, “Fantatrao, niteny taminao aho hoe, ‘Misy karazany roa samihafa any.’” Ny anankiray nantsoina hoe “landy manifesty.” Ary inona ilay anankiray hafa, landy noforonina? Marina ve izany? Landy noforonina sy landy manifesty. Eny, na inona na inona ilay izy, dia ny landy manifesty no tsara indrindra. Marina ve izany? Dia hoy izy hoe, “Ankehitriny, ividiano landy manifesty iray aho, ilay tena lamaody.” Fantatrarao ve ilay zavatra izay misy zavatra kely aorian’ny bân-kiraro, eo amin’ny tampony? Ary tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an’ireo akanjom-behivavy aho, noho izany aho . . .

225 Dia nandeha teny an-dàlambe aho ary nanao hoe, “Landy manifesty, landy manifesty, landy manifesty, landy manifesty,” niezaka nanohy nieritreritra, “landy manifesty, landy manifesty, landy manifesty.”

Hoy ny olona iray hoe, “Manakory, Billy!”

226 Hoy aho hoe, “Oh, manakory, manakory.” “Landy manifesty, landy manifesty, landy manifesty, landy manifesty.”

227 Dia tonga teo amin’ny zoron-dàlana aho ary nifanena tamin’Atoa. Spon. Hoy izy hoe, “Hey, Billy, fantatrao ve fa mihinana ny trondro kely ankehitriny any amin’ny ilan’ily rafi-bato?”

Hoy aho hoe, “Azo antoka tokoa, fa marina ve izany?”

“Hia.”

Nieritreritra aho ankehitriny, rehefa nandao azy hoe, “Inona moa ilay karazan-javatra?” Adinoko ilay izy.

228 Noho izany Thelma Ford, zazavavy iray izay fantatro, niasa tao amin’ny fivarotana enta-madinika. Ary fantatro fa mivarotra

an'ireo bân-kirarom-behivavy izy ireo tany, noho izany dia nandeha tany aho. Hoy aho hoe, "Manakory, Thelma."

Dia hoy izy hoe, "Manakory, Billy. Manao ahoana ianao? Manao ahoana i Hope?"

²²⁹ Dia hoy aho hoe, "Tsara." Hoy aho hoe, "Thelma, mila bà ho an'i Hope aho."

Hoy izy hoe, "Tsy tia bà i Hope."

Hoy aho hoe, "Eny, madama, azo antoka fa tia izy."

Hoy izy, "Bân-kiraro no tianao ho lazaina."

²³⁰ "Oh, azo antoka," hoy aho, "izay ilay izy." Nieritreritra aho hoe, "Ah-oh, nampiseho ny tsi-fahaizako aho."

Dia hoy izy hoe, "Karazana inona no tiany?"

Nieritreritra aho hoe, "Ah-oh!" Hoy aho hoe, "Karazany inona no anananao?"

Hoy izy hoe, "Eny, manana landy noforonina izahay."

²³¹ Tsy fantatro ilay fahasamihafana. Landy noforonina, landy manify, toa mitovy ihany izy rehetra. Hoy aho hoe, "Izany ilay ilaiko." Hoy izy hoe . . . Hoy aho hoe, "Anomano iray amin'izy ireo aho, tena lamaody." Ary izy . . . Diso no nilazako azy. Inona moa ilay izy? Ara-damaody. "Ara-damaody." Ary noho izany dia hoy aho hoe, "Anomano iray amin'izy ireo aho."

²³² Ary rehefa nandeha nanome ahy azy ireo izy, dia teo amin'ny telopolo cents fotsiny izy ireo, roapolo cents na telopolo cents, saiky ny antsasa-bidy. Eny, hoy aho hoe, "Omeo anankiroa amin'izy ireo aho." Hitanareo?

²³³ Dia niverina nody aho, ary hoy aho hoe, "Fantatrao, ry malala, ianareo vehivavy dia miantseña eran'ny tanàna mba hahita varo-mora." Fantatrareo hoe toy ny ahoana no hitiavanareo manenoneno. Dia hoy aho hoe, "Saingy indro, jereo eto, nividy anankiroa aho tamin'ny vidiny izay ividiananao anankiray. Hitanao?" Hoy aho hoe, "Oh, izany no fahaizako manokana." Hitanareo, hoy aho hoe—hoy aho hoe, "Fantatrao, Thelma no nivarotra azy ireo tamiko." Hoy aho hoe, "Mety namela ahy hahazo azy ireo tamin'ny antsasa-bidy izy."

Hoy izy hoe, "Landy manify ve no azonao?"

²³⁴ Hoy aho hoe, "Eny, madama." Toa mitovy ihany izy rehetra amiko, tsy fantatro fa nisy fahasamihafana.

²³⁵ Dia niteny tamiko izy, hoy izy hoe, "Billy." Nihevitra aho fa hafahafa rehefa tonga tany Fort Wayne izy, tsy maintsy nividy bân-kiraro hafa izy. Hoy izy hoe, "Nomeko ho an'ny reninao izy ireo," hoy izy, "ho an'ny vehivavy azon-taona izy ireo." Hoy izy, "Miala tsiny aho raha nanao an'izany."

Dia hoy aho hoe, "Oh, mety tsara daholo izany, malala."

236 Dia hoy izy hoe, “Ankehitriny, aza—aza miaina tokan-tena.” Ary hoy izy hoe. . . Tsy fantany izay natao hitranga afaka ora vitsy nanomboka teo. Dia nihazona ny tãnany malala aho rehefa nitondra azy ireo Anjelin’Andriamanitra.

237 Nandeha nody aho. Tsy fantatro izay hatao. Nandry teo aho ny alina ary nandre. . . heveriko fa voalavo kely ilay izy, izay tao anatin’ily fatana tranainy izay nametrahanay taratasy vitsivitsy tao anatin’ny. Dia nakatoko tamin’ny tongotro ny varavarana, ary indro nihantona tao ambadika ny kimônô-ny, (nefa izy nandry tao amin’io tranom-paty io). Ary tao anatin’ny fotoana kely fotsiny dia nisy olona iray niantso ahy, nanao hoe, “Billy!” Ary Rahalahy Frank Broy ilay izy. Hoy izy hoe, “Eo am-pahafatesana ny zazakelinao.”

Hoy aho hoe, “Ny zazakeliko?”

238 Hoy izy, “Eny, Sharon Rose.” Hoy izy, “Any ny Radoko ankehitriny, ary nanao hoe, ‘Tratry ny meningite-n’ny raboka izy, ninono an’izany avy tamin’ny reniny izy.’” Dia hoy izy, “Eo am-pahafatesana izy.”

239 Niditra tao anatin’ny fiara aho, nandeha nankany. Ary teo izy, ilay zavatra kely mamy. Dia nentin’izy ireo haingana nankany amin’ny hopitaly izy.

240 Nandeha nijery azy aho. Niakatra i Sam ka nanao hoe, “Billy, aza miditra ao amin’io efitra io ianao, tokony hieritreritra an’i Billy Paul ianao.” Hoy izy, “Eo am-pahafatesana izy.”

Hoy aho hoe, “Radoko, izaho—tsy maintsy mahita ny zazakeliko aho.”

241 Hoy izy hoe, “Tsia, tsy mahazo miditra ianao.” Hoy izy, “Tratry ny meningite izy, ry Billy, ary hamindra an’izany any amin’i Billy Paul ianao.”

242 Dia niandry aho mandra-pivoakany. Tsy nahatanty ny hijery azy ho faty aho, sy ny reny nandry tao amin’ny toeran’ny mpitondra faty. Teneniko aminareo, mafy ny lãlan’ny mpanao fahadisoana iray. Ary izaho—lasa aho, niditra moramora tao amin’ily varavarana, ary rehefa nivoaka i Sam ary nivoaka ilay mpampivelona, dia nidina tao ambany rihana aho. Hopitaly bitika kely ilay izy. Tao amin’ny toerana iray nitoka-monina izy, ka ireo lalitra no teo amin’ireo masony kely. Ary izy ireo dia nametraka kely iray. . . ilay antsointsika hoe “lay aro-moka,” na makarakara kely teo amin’ny masony. Ary izy dia. . . niaraka tamin’ny fanintona kely, ny ranjony matavy kely dia nihetsiketsika ambony sy ambany tahaka an’izao, ary ireo tãnana keliny, niaraka tamin’io fanintona io. Dia nijery azy aho, ary tena goavana tsara mihitsy izy mba ho mahafatifaty, teo amin’ny valo volana teo.

243 Ary ny reniny dia nametraka azy tany ivelany taloha niaraka tamin’ny telozoro keliny, fantatrareo, teo an-tokontany, rehefa

tonga aho. Ary nampanenoiko ny klaksona, dia izy nanao hoe, “goo-goo, goo-goo,” manatsotra ny tãnany amiko, fantatrarao.

²⁴⁴ Ary nandry teo ilay malalako, teo am-pahafatesana. Niondrika aho nijery azy, ka hoy aho hoe, “Sharry, mahafantatra an’i Dada ve ianao? Mahafantatra an’i Dada ve ianao, Sharry?” Ary rehefa nijery izy . . . Nijaly mafy loatra izy hany ka lasa balana ny iray tamin’ireo masony manga tsara tarehy. Toy ny nanongotra ny foko niala tamiko izany.

²⁴⁵ Nandohalika aho, hoy aho hoe, “Tompo, inona no nataoko? Tsy efa nitory ny Filazantsara teny amin’ny zoron-dàlana ve aho? Efa nanao ny zavatra rehetra izay fantatro hatao aho. Aza afototra amiko ilay izy. Tsy izaho mihitsy no niantso an’ireo olona hoe ‘fakofako.’ Izy no niantso an’ireo olona ireo hoe ‘fakofako.’” Hoy aho hoe, “Miala tsiny amin’izay rehetra nitranga aho. Mamelà ahy. Aza—aza alaina ny zazakeliko.” Ary raha mbola nivavaka aho, toy ny mainty iray . . . toy ny lambampandriana na lamba iray no nidina. Fantatro fa nandà ahy Izy.

²⁴⁶ Ankehitriny, teo no fotoana sarotra indrindra sy mamitaka indrindra an’ny fiainako. Rehefa nitsangana aho ka nijery azy, ary nieritreritra aho . . . Satana dia nametraka tao an-tsaiko hoe, “Eny, ny tianao ho lazaina ve dia hoe efa nitory teny mafy tokoa ianao, sy ny fomba izay niainanao, nefa ankehitriny rehefa tonga eo amin’ny zazakelinao ilay izy, dia nandà anao Izy?”

²⁴⁷ Dia hoy aho hoe, “Marina izany. Raha tsy afaka mamonjy ny zazakeliko Izy, amin’izay fotoana izay aho dia tsy afaka . . .” Nijanona aho. Izaho—tsy fantatro fotsiny izay hatao. Ary tamin’izay fotoana izay dia nilaza an’izao aho, hoy aho hoe, “Tompo, Ianao no nanome ahy azy ary Ianao no naka azy, isaorana anie ny Anaran’ny Tompo! Raha Alainao aza aho, dia mbola ho tia Anao foana.”

²⁴⁸ Dia napetrako teo aminy ny tãnako, hoy aho hoe, “Ho tahiana ianao, ry malalan’ny fo. Te-hitaiza anao i Dada, tamin’ny foko rehetra no nitivako hitaiza anao, sy hitaiza anao mba ho tia ny Tompo. Saingy tonga ho anao ireo Anjely, ry malalan’ny fo. Hitondra ny vatana kelinao i Dada ary nametraka azy eo antsandrin’i Mama. Handevina anao miaraka aminy aho. Hihaona aminao i Dada indray andro any, miandry fotsiny any miaraka amin’i Mama ianao.”

²⁴⁹ Rehefa teo am-pahafatesana ny reniny, dia nilaza izy, ireo teny farany nolazainy, hoy izy hoe, “Bill, mijanona eny amin’ny saha.”

²⁵⁰ Hoy aho hoe, “Izaho dia . . .” Hoy izy hoe . . . Hoy aho hoe, “Raha eny amin’ny saha aho rehefa tonga Izy, dia haka an’ireo ankizy aho ka hihaona. Raha tsy izany aho, dia hilevina eo akaikinao. Ary mankanesa ianao eo amin’ny ilany havanan’ilay vavahady lehibe, ka rehefa mahita azy rehetra ireo miditra ianao, dia mijoroa eo ka manomboha miantsoantso hoe, ‘Bill!

Bill! Bill!’ mafy fotsiny arak’izay vitanao. Hihaona aminao any aho.” Nanoroka azy nanao veloma aho. Eo amin’ny sahan’ady aho androany. Saiky teo amin’ny roapolo taona lasa teo izany. Manao fotoana amin’ny vadiko aho, hihaona aminy.

²⁵¹ Dia nentiko ilay zaza kely, rehefa maty izy, ary napetrako teo an-tsandrin’ily reny, dia nentinay tany amin’ny fasana. Ary nitsangana teo aho mba hihaino an-dRahalahy Smith, ilay mpitory teny Metodista izay nitory teny tamin’ny fandevenana hoe, “Ny lavenona ho amin’ny lavenona, ary ny vovoka ho amin’ny vovoka.” (Dia nieritreritra aho hoe, “Ny fo ho amin’ny fo.”) Indro lasa izy.

²⁵² Tsy ela taorian’izany, dia nentiko tany i Billy kely indray maraina. Ankizy kely bitika iray fotsiny izy. Izy dia . . .

²⁵³ Izany no antony hiraiketany amiko sy iraiketako aminy, tsy maintsy sady Papa aho no Mama (izy roa) ho azy. Nentiko ny biberao keliny. Tsy afaka nanana afo izahay ny alina mba hihazona ny rononony hafana, ka napetrako tao ambanin’ny lamosiko tahaka an’izao ilay izy ary nihazona azy hafana tamin’ny alàlan’ny hafanan’ny vatako.

²⁵⁴ Niraikitra niaraka izahay tahaka ny mpinamana, ary indray andro any rehefa miala amin’ny saha aho dia tiako ny hanolotra azy ny Teny, ka hanao hoe, “Manohiza, ry Billy. Mijanòna ianao miaraka amin’izany.” Manontany ny olona sasany hoe nahoana aho no mitondra azy miaraka amiko foana. Tsy afaka mandao azy aho. Na nanambady aza izy, saingy mbola mahatsiaro foana aho fa niteny tamiko izy hoe, “Mijanòna miaraka aminy.” Dia miraikitra miaraka tahaka ny mpinamana izahay.

²⁵⁵ Tsaroako nandeha tany an-tànana, ilay biberao tao ambanin’ny sandriko, nanomboka nitomany izy. Indray hariva izy dia . . . nandeha tany ambadiky ny tokontany izahay izay nisy mihitsy . . . (Rehefa niomana ny hiteraka azy izy, sempotra izy, ary izaho . . . zazavavy iray fotsiny, fantatrarao.) Dia nandeha nandroso sy niverina avy teo amin’ily hazo ôka tao ambadiky ny tokontany aho. Ary nitomany an’ny Mamany izy, nefa aho tsy nanana Mama hitondrana azy. Dia nentiko izy, hoy aho hoe, “Oh, ry malala.” Hoy aho hoe . . .

²⁵⁶ Hoy izy hoe, “Dada, aiza ny mamako? Nataonao ao anatin’io tany io ve izy?”

Hoy aho hoe, “Tsia, ry malala. Mety tsara izy, any An-danitra ambony any izy.”

²⁵⁷ Dia niteny zavatra izy tany, toy ny hoe namono ahy, indray tolakandro. Nitomany izy, efa tara tamin’ny hariva izany, dia nentiko tao an-damosiko tahaka an’izao izy, nentiko teo amin’ny soroko izy ary nokapokapohiko tahaka an’izao. Dia hoy izy hoe, “Dada, azafady mandehana alaivo i Mama dia ento eto izy.”

Dia hoy aho hoe, “Malala, tsy afaka maka an’i Mama aho. Jesosy . . .”

Hoy izy, “Eny, teneno Jesosy mba handefa amiko ny mamako. Mila azy aho.”

²⁵⁸ Dia hoy aho hoe, “Eny, ry malala, izaho . . . izaho sy ianao no handeha hijery azy indray andro any.”

Dia nijanona izy, nanao hoe, “Dada!”

Dia hoy aho hoe, “Eny?”

Hoy izy, “Nahita an’i Mama teo ambonin’io rahona io aho.”

²⁵⁹ Oadray, toy ny hoe namono ahy izany! Nieritreritra aho hoe, “Oadray! ‘Nahita an’i Mama teo ambonin’io rahona io aho.’” Saiky torana aho. Nofihiniko tahaka an’izao teo amin’ny tratrako ilay ankizy kely, ary nihazona ny lohako niondrika fotsiny, nanohy niditra.

²⁶⁰ Lasa ireo andro. Tsy afaka nanadino an’ily izy aho. Niezaka niasa aho. Tsy afaka niverina tany an-trano aho, tsy tokantrano iray intsony ilay izy. Ary te-hijanona aho. Tsy nanana afa-tsy io fanaka tranainy simba io izahay, saingy zavatra izay nahafaly ahy sy izy niaraka izany. Tokantrano ilay izy.

²⁶¹ Ary tsaroako indray andro niezaka niasa tao amin’ny orin’asam-panjakana aho. Lasa aho nandeha nanamboatra laharan-tariby faharoa tranainy iray, izay nihantona, tena vao maraina be izany. Dia nihanika an’io lakroa io aho. (Fa tsy afaka nandao an’io zazakely io aho. Afaka nahita ny vadiko lasa aho, saingy ity zazakely ity ho lasa, zavatra bitika kely iray fotsiny.) Ary teo ambony teo aho, dia nihira aho hoe, “Teo amin’ily havoana any lavitra any, no nijoro ny Hazo fijaliana matanjaka tranainy iray.” Ary tonga teo amin’ily fitaovana manova herinaratra ireo laharan-tariby ary nandeha nankao amin’ny (fantatrareo) faharoa. Ary nihantona teo ambonin’izany aho. Ary sendra nijery aho, ka niakatra taoriako ilay masoandro. Ary teo, nitsotra ny tãnako ary ilay marik’io Hazo fijaliana io teo ambonin’ily—teo ambonin’ily havoana. Nieritreritra aho hoe, “Eny, ireo fahotako no nametraka Azy teo.”

²⁶² Hoy aho hoe, “Sharon, malala, te-hahita anao mafy i Dada, ry malala. Toy ny ahoana no hitiavako hihazona anao eo an-tsandriko indray, ianao zavatra malala kely.” Lasa tsy tompon’ny tenako aho. Herinandro maro izany. Nesoriko ny fingotra fonon-tãnako. Nisy telonjato sy roa arivo volta mihitsy nandalo teo akaikiko. Nesoriko ny fingotra fonon-tãnako. Hoy aho hoe, “Andriamanitra, halako ny hanao an’izao. Kanosa iray aho.” “Saingy, Sharry, hahita anao sy Mama i Dada afaka minitra vitsy fotsiny.” Nanomboka nanala ny fonon-tãnako aho, mba hametraka ny tãnako eo amin’io telonjato sy roa arivo io. Izany dia nanapaka . . . Nahoana, tsy hanana rà ho tavela ao anatinareo akory aza ianareo. Ary noho izany aho—izaho—

nanomboka nanala an'io fonon-tànana io aho, ary nisy zavatra nitranga. Rehefa nahatsiaro tena aho, dia nipetraka teo amin'ny tany niaraka tamin'ny tànako nitsangana tahaka an'izao, teo amin'ny tavako, nitomany. Fahasoavan'Andriamanitra izany, raha tsy izany dia tsy ho nanana asam-panasitranana iray eto aho, azoko antoka izany. Izy no niaro ny Fanomezam-pahasoavany, fa tsy izaho.

²⁶³ Nanomboka nandeha nody aho. Nitsahatra aho, nandamina an'ireo fitaovako. Dia niverina aho, hoy aho hoe, “Handeha hody aho.”

²⁶⁴ Nanomboka nihodina ny trano aho, ary nalaiko ilay taratasy tao an-trano, somary nangatsiaka, dia niditra aho. Nanana efitra kely anankiray izahay, natory teo ambonin'ny fandriana kely iray teo aho, ary tonga ireo fanala, ary io fatana tranainy io. Nalaiko ilay taratasy ary nojereko ny tao anatin'ilay taratasy, ka ny zavatra voalohany teo ambonin'izany dia ny tahirim-bola keliny ho an'ny Krismasy, valopolo cents, “Ramatoakely Sharon Rose Branham.” Teo ilay izy, no nanomboka daholo indray.

²⁶⁵ Efa mpiandry saha aho. Niditra tany aho ary nalaiko ny basiko, basy fohy, avy tao amin'ny tranom-basy. Hoy aho hoe, “Tampo, izaho—tsy tantiko intsony izao, izaho dia—eo ampahafatesana aho. Izaho dia—mijaly mafy aho.” Nampidiniko ny fanapoaham-bala teo amin'ilay basy, nankiniko teo amin'ny lohako, nandahalika teo amin'io fandriana io aho tao amin'io efitra maizina io. Hoy aho hoe, “Rainay Izay any An-danitra, hohamasinina anie Ny Anaranao. Ho tonga anie Ny Fanjakanao, hatao anie ny Sitraponao,” ka raha nanandrana aho, ary nanapotsitra an'io fanapihana io mafy arak'izay vitako, dia hoy aho hoe, “ety an-tany tahaka ny any An-danitra. Omeo anay anio ny haninay isan'andro.” Ary tsy nety lasa ilay izy!

²⁶⁶ Dia nieritreritra aho hoe, “O Andriamanitra, handrovitra ahy ho potipotika mihitsy ve Ianao? Inona no nataoko? Tsy hamela ahy ho faty akory mihitsy aza Ianao.” Dia natsipiko ilay basy, ka lasa ilay izy ary nitifitra nanerana ny efitra. Hoy aho hoe, “Andriamanitra, nahoana aho no tsy mety maty dia afaka amin'io? Tsy afaka mandeha lavitra intsony aho. Tsy maintsy manao zavatra ho ahy Ianao.” Dia lavo aho ary nanomboka nitomany teo ambonin'ilay farafara keliko, tranainy maloto teo.

²⁶⁷ Ary tsy maintsy nandeha natory aho. Tsy fantatro na natory aho na inona no nitranga.

²⁶⁸ Naniry mafy ny handeha hankany Andrefana foana aho. Nila anankiray tamin'ireny satroka ireny foana aho. Namolaka soavaly ny raiko tamin'ny andron'ny fahatanorany, ary nila anankiray tamin'ireny satroka ireny foana aho. Ary nividy anankiray ho ahy Rahalahy Demos Shakarian omaly, anankiray voalohany izay nananako (hany nananako) tahaka an'izany, anankiray amin'ireny karazana satroky ny tandrefana ireny.

269 Dia nieritreritra aho fa handeha manerana an'ilay tanety, hihira an'ilay hira hoe, "Nisy kodiarana iray simba teo amin'ilay kalesy, marika teo amin'ilay toeram-piompiana hoe, 'Hamidy.'" Ary raha nanohy nandeha aho, dia nahamarika teo amin'ny kalesy nisaronana tranainy iray, tahaka ny sambolay an-tanety tranainy iray, ary simba ny kodiarana. Mazava ho azy, maneho ny fianakaviako simba izany. Ary raha nanatona akaiky aho, dia nijery aho, ary indro nitsangana teo ny—ny zazavavy iray tena tsara tarehy, tanora, teo amin'ny roapolo taona teo, nikopakopaka ny volo fotsy ary manga ny masony, niakanjo fotsy. Nijery azy aho, hoy aho hoe, "Manao ahoana ianao?" Nanohy aho.

Hoy izy hoe, "Manakory, Dada."

270 Dia nitodika aho, hoy aho hoe, "Dada?" "Nahoana," hoy aho, "ahoana, Ramatoakely, no ahafahanao... ahafahako ho dadanao nefa ianao dia mitovy taona amiko?"

271 Hoy izy hoe, "Dada, tsy fantatrao fotsiny hoe aiza no misy anao."

Dia hoy aho hoe, "Inona no tianao ho lazaina?"

272 Hoy izy hoe, "Ity no Lanitra." Hoy izy, "Teny ambonin'ny tany aho dia Sharon kelinao."

"Nahoana," hoy aho, "malala, zazakely iray fotsiny ianao."

273 Hoy izy, "Dada, ireo zaza kely dia tsy zaza kely aty, tsy mety maty izy ireo. Tsy ho lasa antitra mihitsy izy ireo na hiha-lehibe mihitsy."

274 Dia hoy aho hoe, "Eny, Sharon, malala, ianao—ianao dia vehivavy iray tsara tarehy, tanora."

Hoy izy hoe, "Miandry anao i Mama."

Dia hoy aho hoe, "Aiza?"

Hoy izy hoe, "Ao ambony ao amin'ny tranonareo vaovao."

275 Dia hoy aho hoe, "Trano vaovao?" Ireo Branham dia mpirenireny, tsy manana trano izy ireo, izy ireo fotsiny... Dia hoy aho hoe, "Eny, tsy nanana trano iray mihitsy aho, ry malala."

276 Hoy izy hoe, "Fa manana anankiray ianao aty ambony aty, ry Dada." Tsy te-ho zazakely iray aho, fa tena misy mihitsy ilay izy amiko. [Mitomany Rahalahy Branham—Mpand.] Raha manomboka mieritreritra an'ilay izy aho, dia miverina daholo indray izany. Hoy izy, "Manana anankiray ianao eto, ry Dada." Fantatro fa manana anankiray aho any, indray andro any dia handeha ho any amin'izany aho. Hoy izy hoe, "Aiza i Billy Paul, ny anadahiko?"

277 Dia hoy aho hoe, "Eny, navelako any amin-dry Rtoa. Broy izy, minitra vitsy lasa fotsiny izay."

Hoy izy, "Te-hahita anao i Neny."

278 Dia nitodika aho ary nijery, ka teo ireo lapa goavana be, ary ny Voninahitr'Andriamanitra no tonga nanodidina azy ireo. Ary nandre antoko mpihiran'Anjely aho nihira hoe, "Ny Tranoko, Trano mamy." Nanomboka nanao dingan-dava aho, nihazakazaka haingana arak'izay vitako. Ary rehefa tonga teo amin'ilay varavarana aho, dia nitsangana teo izy, nanao fitafiana fotsy, ilay volo mainty, lava, nitsontsorika nankao an-damosiny. Namelatra ny sandriny izy, tahaka ny nataony foana rehefa tonga tao an-trano aho reraka avy niasa na tahaka an'izany. Noraisiko tamin'ny t'nanako izy, ka hoy aho hoe, "Malala, nahita an'i Sharon aho tao ambany tao." Hoy aho hoe, "Lasa zazavavy iray tsara tarehy izy, sa tsy izany?"

279 Hoy izy hoe, "Eny, ry Bill." Hoy izy hoe, "Bill." Nametraka ny sandriny nanodidina ahy izy, (ary nilaza izy) nanodidina ny soroko fotsiny, nanomboka nikapokapoka ahy izy, hoy izy hoe, "Ajan'ny ny fiahiahiana momba ahy sy Sharon."

Hoy aho hoe, "Malala, tsy vitako izany."

280 Hoy izy hoe, "Ankehitriny izaho sy Sharon dia tsaratsara kokoa noho ianao." Dia hoy izy, "Aza manahy ny momba anay intsony. Hampanantena ahy ve ianao?"

281 Dia hoy aho hoe, "Hope," hoy aho, "efa tena nalahelo anao sy Sharon loatra aho, ary mitomany anao foana i Billy." Hoy aho hoe, "Tsy fantatro izay hatao aminy."

282 Dia hoy izy hoe, "Ho mety tsara daholo izany, ry Bill." Hoy izy hoe, "Mampanantenà ahy fotsiny fa tsy hanahy intsony ianao." Dia hoy izy hoe, "Hipetraka ve ianao?" Dia nijery manodidina aho ka nisy seza goavana be iray teo.

283 Ary tsaroako fa niezaka hividy seza iray aho. Ankehitriny, eo am-paranana. Niezaka hividy seza iray aho indray andro. Izahay dia nanana fotsiny an'ireny tranainy—seza hazo tranainy tsotra ho fitaovana ho an'ilay sakafo maraina. Tsy maintsy nampiasa azy ireny izahay, ireo seza tokana nanananay. Ary afaka nividy anankiray tamin'ireny seza izay azonareo alefitra ny lamosiny ireny izahay, tahaka ny...adinoko hoe inona ilay karazana seza fialan-tsasatra tsotra. Ary fito ambin'ny folo dolara ny vidiny, ary afaka mandoa telo dolara mialoha ianareo ary iray dolara isan-kerinandro. Ary nanana anankiray izahay. Ary, oh, rehefa niditra aho...Niasa aho ny tontolo andro, ary nitory teny hatrany amin'ny misasakalina nanerana an'ireo lalam-be sy na taiza na taiza nahafahako nitory teny.

284 Ary—ary indray andro dia tratry ny fahatarana tamin'ny fandoavana aho. Tsy afaka nahavita an'ilay izy izahay, ary lasa ny andro sy ny andro, ka farany indray andro dia tonga izy ireo ka naka ny sezako ary nitondra an'izany. Tamin'io hariva io, tsy adinoko mihitsy, nanamboatra tarta serizy voaendy ho ahy izy. Zavatra kely tranainy mahantra, izy—izy—fantany fa ho diso fanantenana aho. Ary taorian'ny sakafo hariva dia hoy aho

hoe, “Inona no tena nahatsara fanahy anao izao hariva izao, ry malala?”

²⁸⁵ Dia hoy izy hoe, “Hono ho’aho, naka an’ireo zazalahy teo amin’ny mpiara-monina aho hangady kankana fanjonoana vitsivitsy ho anao. Tsy mihevitra ve ianao fa tokony handeha any amin’ny renirano isika ka hanjono vetivety?”

Dia hoy aho hoe, “Eny, saingy . . .”

²⁸⁶ Dia nanomboka nitomany izy. Fantatro fa nisy zavatra tsy nety tao. Nanana hevitra iray aho satria efa nandefa filazana iray ho ahy izy ireo hoe ho avy haka an’ily izy. Fa tsy afaka nahavita an’io fandoavana iray dolara isan-kerinandro io izahay. Tsy afaka izahay, tsy . . . tsy afaka nahavita an’ily izy. Nametraka ny sandriny nanodidina ahy izy, ary nandeha teo amin’ny varavarana aho ka lasa ny sezako.

Niteny tamiko izy Tany ambony tany, hoy izy hoe, “Tsaroanao ve io seza io, ry Bill?”

Dia hoy aho hoe, “Eny, malala, tsaroako.”

Hoy izy, “Izany ilay noeritreretinao, sa tsy izany?”

“Hia.”

²⁸⁷ Hoy izy, “Eny, tsy haka an’ity anankiray ity izy ireo, efa voaloha ity anankiray ity.” Hoy izy hoe, “Mipetraha iray minitra fotsiny, te-hiresaka aminao aho.”

Dia hoy aho hoe, “Malala, tsy azoko izao.”

²⁸⁸ Dia hoy izy hoe, “Mampanantenà ahy, Billy, mampanantenà ahy fa tsy hiahiahy intsony ianao. Handeha hiverina ianao ankehitriny.” Dia hoy izy, “Mampanantenà ahy fa tsy hiahiahy ianao.”

Dia hoy aho hoe, “Tsy afaka manao an’izany aho, ry Hope.”

²⁸⁹ Ary tamin’izay fotoana izay mihitsy aho dia nahatsiaro tena, maizina ny tao amin’ily efitra. Nijery manodidina aho, ary tsapako ny sandriny nanodidina ahy. Hoy aho hoe, “Hope, ato anatin’ny efitra ato ve ianao?”

²⁹⁰ Nanomboka nikapokapoka ahy izy. Hoy izy hoe, “Hanao an’io fampanantenana io ve ianao, ry Bill? Mampanantenà ahy fa tsy hanambady ianao . . . hiahiahy intsony.”

Hoy aho hoe, “Mampanantena anao aho.”

²⁹¹ Ary rehefa nikapokapoka ahy indroa na intelo izy avy eo, dia lasa izy. Niharina aho ary namelona ny jiro, nijery hatraiza hatraiza, lasa izy. Saingy lasa nivoaka fotsiny an’ily efitra izy. Tsy lasa izy, mbola velona foana izy. Kristiana iray izy.

²⁹² Nandeha tany amin’ily fasana eto izaho sy Billy indray andro lasa, nitondra voninkazo ho an’ny reniny sy ny anabaviny, tamin’ny marainan’ny Paska iray mihitsy, ary nijanona izahay.

Nanomboka nitomany ilay ankizy kely, hoy izy hoe, “Dada, ao ambany ao ny mamako.”

²⁹³ Hoy aho hoe, “Tsia, ry malala. Tsia, tsy ao ambany ao izy. Tsy ao ambany ao Ranabavy. Manana fasana mihidy isika eto, fa any ampitan’ily ranomasina dia misy fasana misokatra iray izay nitsanganan’i Jesosy. Ary ho avy Izy indray andro any, Izy no hitondra an-dRanabavy sy Mama miaraka Aminy.”

²⁹⁴ Eo amin’ny sahan’ady aho androany, ry sakaiza. Izaho—tsy afaka mitantara intsony aho. Izaho. . . [Mitomany Rahalahy Branham—Mpand.] Andriamanitra hitahy anareo. Ndao isika hanondrika ny lohantsika iray minitra.

²⁹⁵ O Tompo! Matetika, Tompo, dia azoko antoka fa tsy mahazo ny olona, rehefa mihevitra izy ireo fa tonga ho azy ireo zavatra ireo. Saingy ho avy ny andro malaza iray rehefa ho avy Jesosy ka ho voafafa ireo alahelo rehetra ireo. Mivavaka aho, Ray any Andanitra, mba Hanampianao anay ho voaomana.

²⁹⁶ Ary io fampanantenana farany io, rehefa nanoroka azy teo amin’ny takolaka aho tamin’io maraina io, hoe hihaona aminy any aho amin’io andro io. Mino aho fa hijoro eo amin’io andry io izy, hiantsoantso ny anarako. Niaina marina tamin’io fampanantenana io aho hatramin’izay, Tompo, nanodidina an’izao tontolo izao, tao amin’ny karazan-toerana rehetra, niezaka nitondra ny Filazantsara. Miha-antitra aho ankehitriny, ary reraka, trotraka ankehitriny. Indray andro any dia hanakatona an’ity Baiboly ity ho an’ny fotoana farany aho. Ary, Andriamanitra, tehirizo aho hahatoky amin’ily fampanantenana. Hazòny manodidina ahy ny Fahasoavanao, Tompo. Aza avela hijery an’ireo zavatr’ity fiainana ity aho, fa hiaina amin’ireo zavatra izay any ankoatra. Ampio aho mba hahitsy fo. Tsy mangataka fandriam-boninkazo mora iray aho, tsia, Tompo, nefa ny Kristiko dia maty teo ambanin’ny fijaliana. Ary ny sisa rehetra tamin’izy ireo dia maty tahaka an’izany. Tsy mangataka zavatra mora mihitsy aho. Mamelà ahy ho hahitsy fo fotsiny, Tompo, ho marina. Aoka ny olona ho tia ahy mba ahafahako hitarika azy ireo eo Aminao. Ary indray andro any rehefa mifarana ny rehetra ka hiangona manodidina izahay eo ambanin’ireo hazo maintso mandrakariva, dia tiako ny hitondra azy amin’ny tânana ka hitondra azy miakatra, mba haneho amin’ny vahoakan’ny Angelus Temple sy ny hafa rehetra. Ho fotoana malaza iray izany amin’izay fotoana izay.

²⁹⁷ Mivavaka aho mba hitoetra eo amin’ny tsirairay avy aminay ireo Famindramponao. Ary ireo izay eto, Tompo, mety tsy mahafantatra Anao akory aza. Ary angamba manana malala kely anankiray izy ireo any ampitan’ily ranomasina any. Raha tsy nahatanteraka ny fampanantenany mihitsy izy ireo, dia enga anie izy ireo hanao an’izany ankehitriny, Tompo.

298 Raha mbola manondrika ny lohantsika isika, dia manontany aho ato amin'ity toera-malalaka goavana be ity izao tolakandro izao, firy aminareo no hilaza hoe “Rahalahy Branham, izaho dia te-hihaona amin'ireo malalako, ihany koa. Izaho—izaho—izaho dia manana malala vitsivitsy any am-pitan'ilay renirano any mihitsy”? Angamba efa nanao fampanantenana iray ianareo hoe hihaona amin'izy ireo, angamba rehefa niteny tamin'i Neny ianareo hoe “veloma” tany amin'ilay fasana tamin'izany andro izany, angamba rehefa niteny tamin'ilay Anabavy kely ianareo hoe “veloma,” na Dada, na ny iray tamin'izy ireo tany amin'ny fasana, nampanantena fa hihaona amin'izy ireo ianareo, ary ianareo—tsy mbola nahavita an'io fiomanana io mihitsy ianareo. Tsy mihevitra ve ianareo fa izao no fotoana tsara iray hanaovana an'izany ankehitriny?

299 Miala tsiny amin'ny fahatorotoroako. Saingy, oh, oadray, tsy mahalala ianareo, ry sakaiza. Tsy fantatrareo hoe inona—fahafaizan—tena toy ny inona! Tsy ampahany iray akory izany, saiky, an'ilay tantaram-piainana.

300 Firy aminareo no te-hitsangana ankehitriny ka hiakatra eto ho an'ny vavaka, manaova hoe, “Te-hihaona amin'ireo malalako aho”? Mitsangàna miala eo amin'ny mpanatrika dia manatona eto. Hanao an'izany ve ianareo? Raha misy olona tsy mbola nahavita mihitsy an'io fiomanana io. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Mahita lehilahy mainty hoditra azon-taona iray aho manatona, tonga ny hafa. Hetseho ny tenanareo, ianareo ery ambony rihana ery, mivoaha fotsiny mankao amin'ny lalantsara. Na mitsangàna, ianareo izay te-ho tsaroana ao anatin'ny tonombavaka iray izao ankehitriny izao. Izay ilay izy. Mitsangàna avy hatrany. Tsara izany. Mitsangàna, hatraiza hatraiza, ianareo izay te-hilaza hoe, “Manana ray iray aho any ankoatra any, manana reny iray na malala anankiray aho any ankoatra any. Te-handeha hahita azy ireo aho. Te-hihaona amin'izy ireo ampiadanana aho.” Hitsangana ve ianareo, mitsangàna fotsiny, na aiza na aiza ao amin'ny mpanatrika. Mitsangàna, manaova hoe, “Te-hanaiky aho.”

301 Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry. Ary hitahy anao iry ambony iry. Ny Tompo hitahy anao eto, tompoko. Tsara izany. Eny amin'ny rihana ambony, ny Tompo hitahy anao. Manerana ny rehetra, hatraiza hatraiza, mitsangàna ankehitriny mba hanaovana tonombavaka iray, raha mbola eto ny Fanahy Masina ka mihetsika eo ambonin'ny fontsika, mba—mba—mba hanorotoro.

302 Fantatrareo, ny ilain'ny fiangonana androany dia fanorotoroana iray. Mila mandeha midina ao an-Tranon'ilay Mpanefy isika. Tsy dia mety tsara loatra indraindray ny teolojiantika henjana natao tao an-trano. Ny ilaintsika dia fanorotoroana tamin'ny fanao fahiny iray, fibebahana ao am-


pontsika, miha-malemy eo anatrehan'Andriamanitra. Izaon'ny ihany ve ankehitriny no vonona hitsangana?

Ndao àry isika hanondrika ny lohantsika ho an'ny vavaka.

³⁰³ O Tompo, izay nitondra indray an'i Jesosy ho amin'ny... avy tamin'ny maty, mba hanamarina anay rehetra amin'ny finoana, mino. Mivavaka aho, Tompo, mba ireto izay mitsangana ankehitriny hanaiky Anao ireto, mivavaka aho mba ho amin'izy ireo anie ny famelàna. Ary, O Tompo, mivavaka aho mba haneken'izy ireo Anao ho Mpamonjiny sy Mpanjakany ary Mpitia azy, ary angamba izy ireo manana mama iray na papa iray na olona iray any ampitan'ilay ranomasina mihitsy. Misy zavatra anankiray azo antoka, manana Mpamonjy iray izy ireo. Enga anie izy ireo ho voavela amin'ny fahotany, ka ny helok'izy ireo rehetra ho voafafa, mba hahatonga ny fanahin'izy ireo ho voasasan'ny Ràn'ny Zanak'ondry, ka hiaina am-piadanana izy ireo manomboka izao.

³⁰⁴ Ka amin'ny andro be voninahitra iray rehefa hifarana ny rehetra, dia engà anie izahay hiangona ao amin'Ny Tranonao, ka ho fianakaviana tsy mivakivaky any, mba hihaona amin'ireo malalanay izay miandry any amin'ilay ilany hafa. Izaon'ny apetrakay Aminao izy ireo, mba "Ianao anie no hitahiry azy ao amin'ny fiadanana tanteraka dia ireo fo izay miankina Aminy." Ekeo izany, Tompo, raha mametraka azy ireo Aminao izahay. Amin'ny Anaran'Ny Zanakao, ny Tompo Jesosy. Amena.

³⁰⁵ Andriamanitra hitahy anareo. Azoko antoka fa ireo mpiasa dia hahita hoe aiza no ioroanareo, ary hiaraka aminareo mihitsy izy ireo ao anatin'ny minitra vitsy.

³⁰⁶ Ary ankehitriny ho an'ireo izay handray an'ireo karatra fangataham-bavaka. Billy, aiza i Gene sy Leo, any aoriana ve izy ireo? Eto izy ireo hizara an'ireo karatra fangataham-bavaka ao anatin'ny minitra vitsy fotsiny. Hampirava ny mpanatrika amin'ny vavaka ny rahalahy, dia hozaraina ireo karatra fangataham-bavaka. Hiverina eto izahay afaka vetivety kely fotsiny, hivavaka ho an'ny marary. Eny àry, rahalahy. 

NY TANTARAM-PIAINAKO MAG59-0419A
(My Life Story)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady tolakandro, 19 Aprily 1959, tao amin'ny Angelus Temple ao Los Angeles, California, U.S.A, dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2017 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org